Ireo Zava-mitranga Lasa Mazava Nohon'Ny Faminaniana

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ho an'ny vavaka. Andriamanitra Tomponay, Mpamorona lehibe an'ny Lanitra sy ny tany, Izay nitondra an'i Jesosy indray avy tamin'ny maty, ka velona miaraka aminay mandritr'ireo roa arivo taona ireo, velona mandrakariva mba hanamarina Ny Teniny sy hanao Azy ho marina amin'ny taranaka tsirairay. Tena mankasitraka izahay ny amin'Ny Fanatrehany Masina izao ankehitriny izao mihitsy, mahafantatra an'izao, hoe izahay dia manana an'izao fiantohana lehibe izao, hoe rehefa tapitra ity fiainana ity, dia manana Fiainana Mandrakizay izahay ao amin'ilay tontolo izay ho avy. Misaotra Anao, ny amin'izany, Tompo. Ary izany fanantenana izany, dia vatofantsika iray ho an'ny fanahy, izay mifahatra sy azo antoka amin'ny fotoan'ny tafio-drivotra. Ary rehefa tonga ireo tafio-drivotra, mirohondrona ireo onja lehibe, dia tsapanay fa amin'ny alàlan'ny finoana Azy dia afaka miatrika ny onja rehetra izahay.

2 Andriamanitra, ampio izahay izao hariva izao raha tonga mba hikarakara ny marary sy ny manana ilaina. Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba tsy hisy olona iray marary eto anivonay rehefa miala izahay izao hariva izao. Enga anie ny olona rehetra ho sitrana noho Ny Herinao Masina, ny eto sy ny manerana ny firenena, avy amin'ny fifandraisana, enga anie tsy hisy olona iray malemy hivoaka avy amin'ny tranobe rehetra na ny fivoriana rehetra izao hariva izao. Enga anie Ny Fanahinao hanasitrana azy ireny. Aoka ilay Masoandro lehiben'ny fahamarinana, miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ireo Elany, hiposaka, handefa an'ireo taratry ny finoana ao amin'ny fo rehetra raha mihaino ny Teny izy ireo, hahita an'ireo fanehoan'ny Fanahy Masina izay mandresy lahatra fa mbola velona Izy. Mivavaka ho an'ireo fitahiana izahay, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

3 Mihevitra tokoa izahay fa tombontsoa iray lehibe ity ahatongavana eto ity izao hariva izao, indray, mba—mba hiresahana amin'ny olona sy hivavahana ho an'ny marary. Izahay dia te-hiarahaba an'ireo rehetra izay any ivelan'ny firenena ao

amin'ny—ny fifandraisana an-telefona manerana ny firenena, indray izao hariva izao. Ary noho izany mivavaka izahay mba hitahian'Andriamanitra ny tsirairay avy aminareo, matoky fa ny rehetra izay nanaiky an'i Kristy aninkeo maraina dia ho feno ny Fanahy Masina ary hiaina mahatoky mandrakariva sy marina Aminy mandra-pifaran'ny fiainana eto an-tany eto, ity fiainana mety maty ity. Ary amin'izay fotoana izay izy ireo, amin'ny fanaovana an'izany, dia manana ny Fiainana Mandrakizay izy ireo. Tsy ho faty mihitsy izy ireo amin'ilay taona izay ho avy, ho an'ilay Taona lehibe izay antenaintsika rehetra.

4 Ankehitriny dia hilaza izahay, raha mbola eo am-pieritreretana an'izany aho, tsy hoe hampiato. Eto Rahalahy Vayle, ary mety tsy afaka mahita azy aho. Izaho dia . . . Afaka mandefa an'ilay lahatsoratra any aminao ve aho rehefa miverina any Tucson? Eo am-pandinihana azy tsara aho, tsy mbola voavakiko izy rehetra, ka haveriko any aminao ilay izy vantany vao tonga any Tucson aho.

5 Ankehitriny dia tiako ny hanao filazana iray. Ity dia ho an'ireo fiangonana manokana manerana, indrindra ny any Andrefana, na n'aiza n'aiza izay te-ho avy. Ny rahalahintsika mendri-kaja, Rahalahy Pearry Green, miaraka amin'ny . . . Izany dia ilay lehilahy izay mpikonokonona an'ity fifandraisana amin'ity telefona eto ity. Ny Tompo no nametraka an'izany tao am-pony mba ho avy hitsidika anay any Tucson, sy hanomboka fifohazana iray any Tucson, izay ilainay tokoa. Ary ho any Tucson Rahalahy Pearry. Raha tianareo ny hifandray aminy, dia mifandraisa fotsiny amin'ny biraonay any. Izany dia ho amin'ny Aogositra ny faha-10, faha-11, faha-12, ary ny faha-13. Efa nanana an'izany tao am-pony nandritry ny ela izy, ary niteny taminy aho fa misy "ny fomba tokana hanesorana an'izany ao am-ponao, dia ny mandeha manao an'ilay izy." Ary rahalahy Kristiana iray izy, tena mpanompon'Andriamanitra iray tokoa. Ary ianareo olona, any Tucson, dia fantatro fa ho voatahy raha manao ny asam-panompoany any ho any izy, angamba ao amin'ny Ramada Inn na aiza na aiza anomanan'ny Tompo toerana iray, tsy napetany eto izany. Fa fantatro fa ho voatahy ianareo amin'ny fahatongavana, hihaino an-dRahalahy Green raha hamelabelatra amintsika ny Tenin'Andriamanitra izy, angamba hivavaka ho an'ny marary, na inona na inona apetrak'izany eo amin'ny andraikitrin'ny hosotr'Andriamanitra mba hatao.

6 Te-hisaotra an-dRahalahy Orman Neville koa izahay, Rahalahy Mann, noho izao fotoan'ny fiombonana mahafinaritra miaraka amin'izy ireo izao. Toy ny ahoana no tena ankasitrahako ny fananana, ny miara-miasa amin'ny lehilahy tahaka an-dRahalahy Neville, Rahalahy Mann, ary ireto mpitoriteny hafa rehetra manodidina eto ireto. Ataoko

fa efa nampahafantarina izy ireo. Raha tsy nampahafantarina ianareo, tamin'ny alàlan'ny komitinay sy ny fiangonanay eto, dia azoko antoka fa Andriamanitra no mahafantatra anareo eto ho Mpanompony. Enga anie ny Tompo hitahy anareo mandrakariva.

7 Ankehitriny, nanontaniana zavatra kely iray aho eto, eo amin'ny naoty kely iray izay nomena ahy, mba . . . Nanana fivoriana iray an'ny mpitantan-draharaha izy ireo indray hariva teto, tao amin'ny komitin'ireo mpitantan-draharaha sy diakona, ary heveriko fa efa novakiana teo anatrehan'ny fiangonana ireo tatitra aninkeo maraina. Fa, izany no fomba fanaovantsika an'izany. Ao amin'ireo fanapahan-kevitra izay noraisin'ny komitin'ny mpitantan-draharaha sy diakona eto amin'ny fiangonana eto, mazava ho azy, tsy afaka ny hahafaly ny rehetra izany. Tsy afaka manao an'izany isika. Tsy misy zavatra anankiray idirako amin'ny komitin'ny mpitantan-draharaha na ny komitin'ny diakona. Tsy manao fifidianana iray akory aza aho raha tsy hoe misy ady sahala, ary tsy maintsy tonga eto aho hanao an'izany amin'izay fotoana izay, Rahalahy Orman Neville no manao an'io fifidianana faharoa io. Avy eo dia tsy maintsy soniavintsika ireo, satria ampahan'ilay fiangonana isika. Fa izay fanapahan-kevitra raisin'ny komitin'ny mpitantan-draharaha sy ireo komity ireo, dia tohanantsika zato isan-jato tokoa izy ireny, satria izay no maha-eto azy ireo. Ary ireo fanapahan-keviny dia eo amin'izy ireo sy Andriamanitra. Izaho dia tsy afaka, tsy afaka ary tsy ho afaka, na ahoana na ahoana, hanohitra an'izany fanapahan-kevitra izany. Ary zavatra hafa iray, voararan'ny Governemantan'ny Etazonia aho tsy handray fanapahan-kevitra mikasika an'izany, noho izany dia azafady aza mangataka ahy hanitsy ny fanapahan-kevitr'izy ireo. Tsy afaka manao an'izany aho, ary tsy te-handre na inona na inona mikasika an'izany. Hitanareo? Noho izany dia aza mangataka ahy hanitsy ny fanapahan-kevitr'izy ireo. Jereo ilay komity, io no hany tokana izay mandray an'ireo fanapahan-kevitra. Eny àry.

8 Ankehitriny ao amin'ny fotoan'ny fivoriana iray izay ho avy, izany dia mety, raha sitraky ny Tompo, hiverina eto aho afaka efatra na enina herinandro, na zavatra tahaka an'izany, ho an'ny fivoriana Alahady hafa iray angamba. Ary nolazaiko aninkeo maraina fa izaho dia te-hiresaka eo amin'ny *Andriamanitra Voaseho Ao Amin'Ny Teniny,* fa tsy hanana fotoana mihitsy aho izao hariva izao, ary, am-pahatsorana, zara aza aho raha manana feo ampy hanaovana an'ilay izy. Ary avy eo ny vahoaka betsaka, saiky betsaka ny any ivelany tahaka an'izay misy ato anatiny, ary, angamba mihoatra, raha manisa an'ireo fiara mpitatitra sy fiarabe sy ny sisa izay mipetraka ao ivelany ao miaraka amin'ny olona. Namafisina, nakarina kely ilay fampitam-peo, afaka mandre an'izany

isika. Ity onjam-peo kely ity, onjam-peo fohy avy eo amin'ny tabernakla, dia afaka mahazo azy isika hatrany amin'ny trano maromaro lavitra any. Ary ny sasany amin'ireo fiara dia any amin'ireo trano maromaro lavitra any, ireo filaharan'ny fiara, aloha sy aoriana, sy manodidina ary manerana an'ireo làlambe, manodidina ny tabernakla izao hariva izao. Tsy mino aho fa efa nisy fotoana, araka ny fahitana, izay mba nananantsika olona betsaka nifanizina sy nanodidina ny fiangonana noho izay ananantsika izao hariva izao. Noho izany isika dia . . . Ary maro, maro, maro no tonga tamin'ny fiara fotsiny sy handeha amin'ny fiara.

9 Koa izany no hampiseho hoe, "Any amin'izay misy ny Faty, no hiangonan'ny voromahery." Ary mamelà ahy hiteny aminareo izao hariva izao, ato amin'ity vondron'olona kely ity, fa fiangonana iraisam-pirenena izao. Amin'ny ankapobeny dia mihoatra ny roa ampahatelon'ny fanjakan'ny fikambanana no voasolo tena eto, ankoatr'ireo firenena vahiny dimy, na dia Rosia aza, sy manerana ny ampahany samihafa rehetra an'ny firenena. Hatrany Venezuela any, any Jamaica any, manerana an'ireo ampahany samihafa rehetra an'ny firenena, eto ireo olona, noana sy mangetaheta an'Andriamanitra. Fotoana mahafinaritra iray toy ny inona!

10 Ankehitriny dia tiako, alohan'ny hamakiana ny Baiboly, sy hivavahanareo ho ahy ankehitriny. Izaho—izaho dia hiezaka hitondra Hafatra kely iray, raha sitraky ny Tompo, ho an'ny fahazoana ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Fa, aninkeo maraina dia niresaka ny amin'ny famonjena isika. Ary izao hariva izao dia hiresaka minitra vitsy isika ny amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ary avy eo dia hiantso laharam-bavaka ka hivavaka ho an'ny olona. Eo am-panaovana an'izany, ao amin'ny fifandraisana, na aiza ianareo na aiza, na dia ao anatin'ny fiara fitaterana any ivelany sy ireo fiara manodidina aza, ao anatin'ny andian-trano iray na roa avy eto amin'ny tabernakla; rehefa tonga ny fotoana hivavahana ho an'ny marary, raha tsy afaka miditra ato amin'ny tranobe ianareo . . . Fa, tsy afaka ianareo, azoko antoka ankehitriny, satria ireo varavarana fidirana dia mifanizina tanteraka hatraiza hatraiza, tafahoatra, ary tsy misy efitra na aiza na aiza, noho izany dia mivavaha ianareo ka apetraho amin'ny hafa ny tànanareo ao ivelany ao. Ary aoka ny mpitoriteny tsirairay izay mifandray izao hariva izao, hivavaka ihany koa ho an'ity fiangonana ity rehefa handeha ny asa fanasitranana. Mino isika fa manerana Andriamanitra, hatraiza hatraiza. Ankehitriny alohan'ny hamakiantsika na . . .

11 Alohan'ny—ny hivavahantsika, dia tiantsika ny hamaky sasantsasany amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ary izaho dia nanova ny—ny Soratro vao tsy ela teo, satria te-hanova an'ilay karazana fivoriana izay napetrako tao an-tsaiko aho

ho an'izao hariva izao, noho izany dia novaiko kely ilay izy; ary noho izany dia tsy maintsy nanova ny Soratro aho, tsy hoe nanova azy ireo, fa nametraka azy ireo tao amin'ny lamina hafa, an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, mba—mba hahazoan'ny olona.

Ndao isika hamadika ao amin'ny Masindahy Lioka, ny toko faha-24. Ary hanomboka amin'ny andininy faha-12 an'ny toko faha-24 isika, ka hamaky hatrany amin'ny 34. Izany dia eo amin'ny fitsanganan'ny Tompo Jesosy.

> *Avy eo* Petera, *nitsangana i Petera, ka nihazakazaka* nankany *amin'ny fasana; ary niondrika,* ka *nahita ny lambam-paty izy . . . nanontany ny tenany ny amin'izay niseho.*
>
> *Ary, indreo, ny roa tamin'izy ireo tamin'*io *andro io ihany dia nandeha hankany amin'ny vohitra antsoina hoe Emaosy, izay eo amin'ny enimpolo stadio avy ao Jerosalema.*

Ankehitriny, mila stadio folo mba hahavita ny—mba hahavita ny maily iray, noho izany dia eo amin'ny enina maily eo izany.

> *Ary* raha *niara-niresaka izy ireo ny amin'ny . . . ireo zavatra izay nitranga ireo.*
>
> *. . . izao no niseho, fa, raha nifampiresaka sy niara-nisaina izy ireo, dia nanatona akaiky Jesosy izy tenany, ary nandeha niaraka tamin'izy ireo.*
>
> *Fa nohazonina ny mason'izy ireo mba tsy hahafantarany azy.*
>
> *Ary hoy izy tamin'izy ireo, Karazan-dresaka inona izany ifampiresahanareo izany, raha mandeha ianareo, sady malahelo?*
>
> *Ary ny anankiray tamin'izy ireo, izay Kleopasy no anarany,* namaly ka nanao *taminy hoe, Ianao irery ve no vahiny any Jerosalema, ary* ianao *ve* tsy *nahalala an'*ireo *zavatra izay miseho . . . amin'izao andro izao?*
>
> *Dia hoy izy tamin'izy ireo, Zavatra inona?*

Ankehitriny tsarovy, ity dia Jesosy Izy tenany, nitsangana, no miresaka.

> *Dia hoy izy ireo taminy, Mikasika an'i Jesosy avy any Nazareta, izay mpaminany mahery tamin'ny asa sy* tamin'ny *teny teo anatrehan'Andriamanitra sy ny vahoaka rehetra:*
>
> *. . . dia ny nanoloran'ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanapaka azy tamin'*ny *. . . mba ho—mba homelohina ho faty, sy nanombo azy.*

Nefa nantenainay fa izy *no ilay efa hanavotra ny Isiraely: ary* ankoatr*'izany rehetra izany, dia androany no andro fahatelo hatramin'izay nahavitan'ireo zavatra ireo.*

Eny, ary ireo vehivavy sasany namanay ihany koa dia nahavery hevitra anay, izay tany amin'ny fasana vao maraina;

Ary rehefa tsy nahita ny vatany izy ireo, dia tonga izy ireo, nilaza, fa efa nahita fahitana iray an'ny anjely koa, izay nilaza. . .fa velona izy.

Ary ny sasany tamin'ireo izay niaraka taminay dia nandeha nankany amin'ny fasana, ary nahita tokoa an'izay nolazain'ireo vehivavy: nefa izy tsy hitan'izy ireo.

Henoy ankehitriny; Jesosy.

Dia hoy izy *tamin'izy ireo, O ry adala,. . .votsa fo mba hino izay rehetra nolazain'ny mpaminany:*

Moa tsy tokony hiaritra an'ireo zavatra ireo ve Kristy, ka hiditra *ao amin'ny voninahiny?*

Dia nanomboka tamin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra, ka namelabelatra tamin'izy rehetra *izy, tao amin'ny soratra rehetra an'ireo zavatra mikasika ny tenany.*

Ary nanakaiky ny vohitra izy ireo, izay *nalehan'izy ireo: ary izy nanao toy ny hoe handeha lavitra kokoa.*

Fa ireo nanery azy, ka nanao hoe, Mitoera aty aminay: fa efa madiva *ho hariva ny andro, ary lasan-davitra ny andro. Dia niditra hitoetra niaraka tamin'izy ireo izy.*

Ary izao no niseho, raha niara-nipetraka nihinana tamin'izy ireo izy, dia nandray ny mofo izy, ary nisaotra an'izany, ka namaky azy, *ary* nanome an'izany *ho azy ireo.*

Dia nisokatra ny mason'izy ireo, ka nahafantatra azy izy ireo; fa izy nanjavona teo imasony.

*Dia niresaka tamin'*ny hafa *izy ireo hoe, Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny* fontsika, *raha niresaka tamintsika teny an-dàlana izy, ary raha nanokatra tamintsika an'ireo soratra?*

Dia niainga izy ireo tamin'izany ora izany, ka niverina nankany Jerosalema, ary nahita ny iraika ambin'ny folo niara-niangona, ary izy ireo rehefa *niaraka taminy,*

Dia nanao hoe, Efa nitsangana tokoa ny Tompo, ka efa *niseho* tamin'*i Simona.*

Ary izy ireo dia nilaza an'ireo zavatra izay niseho teny an-dàlana, sy hoe ahoana no *nampahafantarany* tamin'*izy ireo tamin'ny* alàlan'ny *famakiana ny mofo.*

12 Ankehitriny ndao isika hivavaka. Ray mpiahy malala, misaotra Anao izahay ny amin'Ny Teninao, fa Ny Teninao no Fahamarinana, Ny Teninao no Fiainana. Ary Ianao, O Tompo, sy Ny Teninao dia Iray. Noho izany dia mivavaka izahay izao hariva izao, Tompo, mba Hahatongavanao eto anivonay ao amin'ny herin'ny Fitsangananao ka hiseho aminay izao hariva izao, tahaka an'ireo izay avy tany Emaosy, ary izahay koa dia hiverina any an-tranonay, hanao hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika?" Ekeo izany, Tompo, efa madiva ho hariva indray ny andro. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

13 Ankehitriny dia te-hiresaka mikasika an'ity Baiboly ity aho. Ary ny lohahevitro izao hariva izao, ho an'ny foto-kevitra, dia: *Ireo Zava-Mitranga Lasa Mazava Nohon'Ny Faminaniana. Ireo Zava-Mitranga Lasa Mazava Nohon'Ny Faminaniana.*

14 Ankehitriny, Boky hafa iray amin'ireo boky masina hafa rehetra ny Baiboly. Boky hafa iray ny Baiboly. Izy dia Bokin'ny faminaniana, milaza mialoha an'ireo zava-mitranga ho avy. Ary Izy koa no Fanambaran'i Jesosy Kristy. Hatrany amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy, dia mitondra Azy ao amin'ny Fahafenoany, ny naha-izy sy ny maha-izy Azy. Ary ilay Boky feno manontolo, Apokalypsy 1:1 hatramin'ny 3, dia nilaza fa ilay Boky dia Bokin'ny "Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy," dia ny Tenin'Andriamanitra. "Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy," ny Tenin'Andriamanitra!

15 Ankehitriny, ny boky hafa rehetra, ireo boky masina, dia lalàna iray an'ny etika fotsiny ihany, lalàna iray an'ny fitondran-tena, na lalàna iray an'ny teolojia. Zavatra iray izay. . .Firy no efa mba namaky ny Koran, ilay Baiboly Mohametana, ary—ary ny boky mikasika an'ireo Bouddista, sy ny sisa? Lalàna iray an'ny etika fotsiny izany, ahoana no tokony hiainan'ny olona, ahoana no tokony hiainan'izy ireo, fa tsy nanao faminaniana izany, tsy milaza na inona na inona mikasika an'ireo zavatra ireo na mikasika an'ireo fanomezana manokana izay nomena ny olona, zavatra izay hiseho. Toy ny hoe mikambana amin'ny sampana iray fotsiny na zavatra iray. Noho izany, rehefa ireo fiangonana no tonga eo amin'ny toerana izay anaovan'izy ireo ny fiangonany ho sampana iray hikambanana fotsiny, amin'izay fotoana izay dia miala amin'ny Tenin'Andriamanitra tanteraka izy ireo.

16 Fa ny Baiboly dia vavolombelona velona iray, voalaza mialoha an'i Jesosy Kristy. Ary tahaka ny nitomboan'ny tany hatrany amin'ny fahafenoany, sy ny itomboan'ireo voaloboka ao amin'ny fahafenoany koa, ireo andro dia mitombo ao amin'ny

fahafenoany, no nanehoana ny Baiboly tao amin'ny Fahafenoany tao amin'ny Olona Jesosy Kristy. Izy no Tenin'Andriamanitra voambara, ilay Bokin'ny Fanavotana feno manontolo. Ny Baiboly dia Tenin'Andriamanitra, milaza mialoha an'ireo zava-mitranga ho avy. Ireo mpinony dia nodidian'ny Mpanoratra Azy mba hamaky sy hino ny Teny rehetra avy amin'Izany, fa tsy hoe ampahany avy amin'Izany fotsiny. Teny anankiray, ny tsy mino an'Izany, tsara ho anareo ny mijanona tsy manandrana mandra-pahatonganareo hino an'izany Teny izany. Ny Teny rehetra dia ampahan'Andriamanitra Tsitoha tanteraka tokoa; Andriamanitra tonga voaseho, voafono ao anatin'Ny Teniny, mba haneho hoe Iza Izy. Nodidiana isika, amin'ny maha-mpino, mba hino ny Teny rehetra avy amin'Izany. Ary Izy dia nosoratan'ilay Mpanoratra dia Andriamanitra Izy tenany. Tsy misy olona afaka hanampy na inona na inona ao Aminy na hanaisotra na inona na inona avy ao Aminy. Raha hanao ianareo, dia ho vatana sampona iray an'Andriamanitra izany. Izany dia hanana, angamba toy ny hoe rantsan-tànana enina eo amin'ny tànana iray, na—na sandry telo, na zavatra iray, ny manampy zavatra iray, ny manaisotra zavatra iray avy amin'izany dia ho sandry iray tsy ampy, rantsan-tànana iray tsy ampy. Izy dia ny Vatan'i Jesosy Kristy feno. Ary ao amin'i Kristy, izay ny Lahy, ny Mpampakatra, dia voaseho ao Aminy koa ny Ampakarina. Ary ireo roa ireo dia Iray. "Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko, Izaho ao aminareo ary ianareo ato Amiko." Sary iray feno toy ny inona!

17 Ary ireo mpino marina an'ity Teny ity, izay manaiky Azy tahaka an'izany, dia mino Azy, ary miandry am-paharetana an'ireo Fampanantenany naminaniana, ny tsirairay avy amin'izy ireo mba ho voaseho ao amin'ny taonany. Ny mpino rehetra dia miambina an'izany. Ny mpino rehetra izay efa malina tsara, niambina, no hany tokana izay nanambarana.

18 Ankehitriny jereo tamin'ny andron'ny fihavian'ny Tompo Jesosy. Nahoana ireo olona ireo no tsy nahalala an'i Jaona, nefa ny Baiboly no nilaza mazava tamin'ny alàlan'i Isaia hoe, "Hisy feon'ny anankiray izay hiantso mafy any an-efitra hoe, 'Amboary ny làlan'ny Tompo'"? Ny mpaminanin'izy ireo farany izay nananany, dia ny Malakia 3, nanao hoe, "Indro, Izaho maniraka ny Irako eo Anatrehako hanamboatra ny làlana." Nahoana no tsy hitan'izy ireo izany? Satria nijery teo amin'ny zavatra izay efa vita izy ireo, nampifototra ny fisainany teo amin'ny hafatra iray izay efa voalaza tany aloha, ka diso tamin'ny fahitana an'ilay fanehoana an'Andriamanitra nanatrika tamin'ny andro niainan'izy ireo.

19 Ary ireo Kristiana, na aiza na aiza, dia eo amin'izany marina tokoa no ijoroan'izao tontolo izao amin'izao hariva izao. Tsy azo lavina, fa izany no fahamarinana! Ireo Kristiana, na aiza na aiza, dia miezaka mitodika any amin'ny lalàna

an'ny etika iray izay nosoratan'Atoa. Luther, na Atoa. Wesley, Sankey, Finney, Knox, Calvin; ka, tsy misy amintsika afaka miteny ratsy an'izany, saingy efa tamin'ny andro lasa izany.

20 Nitodika tany amin'izay nolazain'i Mosesy ireo Fariseo, ary hoy izy ireo hoe, "Manana an'i Mosesy izahay. Tsy fantatray hoe avy aiza Ianao."

21 Fa tsarovy, rehefa teto i Mosesy, dia tsy fantatr'izy ireo hoe avy taiza izy. Hitanareo? Ary ankehitriny izy ireo . . . Tsy mahagaga raha hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe, "Ianareo dia manaingo an'ireo fasan'ny mpaminany, nefa ianareo no hany tokana nametraka azy ireo tao." Taorian'ny nahavitan'ny Hafatr'izy ireo! Mivoaka ny Hafatra iray, mahita an'Izany ny olona, dia maneso an'Izany izy ireo (izany no ataon'izao tontolo izao). Ary avy eo aorian'ny nahavitan'ilay iraka ka nifarana ilay Hafatra, amin'izay fotoana izay dia manangana anaram-piangonana iray eo ambonin'ilay Hafatra izy ireo. Ary eo no maty izy ireo, eo mihitsy, tsy tonga amin'ny Fiainana intsony indray.

22 Jereo vetivety fotsiny, ho an'ny sasany aminareo, ary ianareo olona Katolika indrindra no iresahako. Fantatrareo ve, efa mba namaky an'ilay tantara misy ve ianareo, ny tantaran'ny fiangonana Katolika Romana? Ahoana fa eo amin'ny tantaran'ny maritioranareo, hatrany amin'i Masindahy Augustin de Hippo, olona tsy manan-tsiny firy tapitrisa no novonoin'ilay fiangonana ho faty! Adinoko, tsy afaka milaza an'ilay tena isa marina aho, saingy nihoatra ny an-tapitrisany izany, hatramin'i Masindahy Hippo de . . . Masindahy Augustin de Hip- . . . de Hippo, Afrika, izay nanao an'izany ho fanambarana iray fa tena sitrapon'Andriamanitra tanteraka tokoa ny mamono ho faty ny olona izay manohitra ny fiangonana Katolika Romana. Fantatrareo ve ao anatin'izany, fa i Masindahy Patrick dia tsy fantatra mihitsy raha tsy taorian'ny fahafatesany, hoe Katolika Romana iray? Nanohitra an'ilay papa sy ireo fanaony rehetra izy, ary ny fiangonana Katolika izy tenany no namono an'alina tamin'ireo zanany. Fantatrareo ve fa ny fiangonana Katolika no nandoro an'i Jeanne d'Arc, ilay vehivavy kely masina, teo amin'ilay tsato-kazo, mba ho- . . . nilaza fa mpamosavy iray izy. Roanjato taona taty aoriana, dia nangadian'izy ireo ny vatan'ireo pretra, rehefa hitan'izy ireo fa diso ilay izy, ary natsipiny tany amin'ny ranomasina izy ireo, mba tsy handevenana azy ireo ao amin'ilay tany masina, mba hanaovana fivalozana.

Aza mamela ny andro handalo eo ambonin'ny lohanareo, ka ho adala.

23 Toy ny ahoana no hitiavan'ireo mpisorona ireo, izao hariva izao, ny hiseho, izay nanameloka an'i Jesosy. Ny zavatra tokana, dia tsy nahita mihitsy ny filazana mialoha an'io ora io

izy ireo. Raha izy ireo . . . Hoy Jesosy hoe, "Zahao ny Soratra, fa ao Aminy no heverinareo," na, raha ny marina, "ilazanareo fa anananareo ny Fiainana Mandrakizay, ary ny Soratra no milaza aminareo hoe Iza Aho," ho an'io ora io.

24 Mariho, tsy mety diso ny Baiboly. Izany no zavatra tokana izay tsy Azony atao, ny Tenin'Andriamanitra, ho diso, satria Izany dia milaza mialoha an'ireo asan'ny Mpanoratra Azy alohan'ny Anaovany an'ilay izy.

25 Ankehitriny, anjara iray amin'ny arivo no misy hahafahan'ny olona iray manao filazana mialoha fa hisy zavatra hafa iray hitranga, ka hitranga izany. Saingy raha apetrany hoe *aiza* no hitrangany amin'izay fotoana izay, dia izany no mampihena azy hatrany amin'ny anjara iray amin'ny iray alina angamba. Raha lazainy ny *andro* izay hitrangan'izany, dia izany no mampihena azy, anjara iray amin'ny iray tapitrisa eo ho eo. Ary hoe amin'*iza* no hitrangan'izany, dia izany no mampidina azy hatrany amin'ny lavitrisan'ny anjara.

26 Fa ity Baiboly ity no miteny aminareo marina tokoa hoe *iza, rahoviana, aiza,* ary *inona* no andrasana, ka tsy diso mihitsy na dia indray mandeha aza. Noho izany, tao amin'ny adi-hevitra kely iray vao tsy ela akory izay, niaraka tamin'ny pretra iray an'ny fiangonana Sacré Coeur eto; hoy izy hoe, "Atoa. Branham, ianao dia miezaka miady hevitra amin'ny Baiboly." Hoy izy, "Izany dia tantaran'ny fiangonana."

Hoy aho hoe, "Tsy tantara iray Izany. Andriamanitra Izany, Izy tenany, vita printy."

Hoy izy hoe, "Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany."

27 Hoy aho hoe, "Andriamanitra dia ao amin'ny Teny. Ary ny zavatra rehetra mifanohitra amin'Izany, dia aoka izany ho lainga. Satria hoy Izy hoe, 'Aoka Ny Teniko ho marina ary ny tenin'olona rehetra ho lainga.'"

Hoy izy hoe, "Tsy tokony hiady hevitra isika."

28 Hoy aho hoe, "Tsy nangataka taminao hiady hevitra mihitsy aho, fa ny Baiboly no miteny hoe, 'Avia, ndao isika hiara-hifandahatra.'"

29 Izany dia milaza mialoha an'ireo fanaon'ilay Mpanoratra mialohan'ny Anaovany azy. Noho izany, ny filazana an'izany, amin'izay fotoana izay dia izany no mametraka ny lehilahy sy vehivavy rehetra, eo amin'ny Hazo Fitsarana, tsy misy fialan-tsiny na iray aza. Raha raisinareo izay lazain'ny Metodista mikasika an'Izany, izay lazain'ny Batista mikasika an'Izany, izay lazain'ny Katolika, izay lazain'ny Pentekotista, na fiangonana hafa iray, dia mety hahita fahadisoam-panantenana maro ianareo amin'ny Fitsarana. Fa raha handinika fotsiny an'izay lazain'ny Baiboly fa hitranga ianareo, ka mitranga ilay izy, amin'izay fotoana izay dia ho fantatrareo izay mitranga.

30 Ankehitriny, tsy hita miharihary mihitsy izany mba hahafahan'ny olona rehetra mahita azy, satria Jesosy dia nisaotra an'Andriamanitra noho ny nanafenana an'izany tamin'ny mason'ny hendry sy manan-tsaina, ka nanambara an'izany tamin'ireo zaza izay te-hianatra. Eritrereto ny amin'Andriamanitra Tsitoha izay mipetraka ao amin'Ny Teniny Manokana, miaraka amin'ny fahefana mba hanajamba an'ilay mpanan-karena sy tsy manaja ary—ary ireo mahay mianatra, manajamba ny mason'izy ireo mba tsy hahafahany mahita Azy, ka manokatra ny mason'ilay mahantra sy tsy mahay mamaky teny.

31 Mariho ireto olona avy any Emaosy ireto, Izy no nilaza fa ny—ny fahalalan'izy ireo Azy dia nohazonina. Niresaka Taminy izy ireo nefa tsy nahafantatra akory aza hoe Iza izy, nandritry ny andro manontolo. Afaka manao an'izany Andriamanitra, satria Andriamanitra Izy.

32 Izany marina tokoa no Nataony tamin'ireo mpisorona ireo, ireo mpanora-dalàna ireo, satria Izany no voasoratra fa tsy maintsy izany no Nataony. Nohajambain'Andriamanitra ny mason'izy ireo mba hananantsika anjara iray. Mariho, tsy afaka nahita izy ireo, tsy mampaninona na mahay firy, na mpisorona firy izy ireo, izay efa vitan'izy ireo, mbola tsy afaka nahita an'Izany foana izy ireo, satria jamba izy ireo. Mety ho roapolo-roapolo ny fahitan'izy ireo, ara-batana. Fa ny fahitan'izy ireo ara-panahy kosa!

33 Ilay zavatra mitovy no noezahako nolazaina aninkeo maraina mikasika ny fijangajangan'ny vehivavy, mitafy tahaka ny ataon'izy ireo ankehitriny. Mpijangajanga izy ireo. Ao amin'ny Bokin'Andriamanitra dia meloka amin'ny fijangajangana izy ireo isaky ny manao an'ireo akanjo mampiseho-vatana ireo. Ny fanahin'izy ireo, tsy mahafantatra an'izany. Mino aho fa ireny vehivavy ireny, maro amin'izy ireny, an'arivony amin'izy ireny, dia tsy manan-tsiny, ary tsy te-hijangajanga mihitsy akory aza. Fa ireo vehivavy mahantra, nohon'ny olona iray izay hamela azy ireo hilamindamina amin'izany, tsy miteny an'izany ka milaza ny fahamarinana, dia mijangajanga. Fa, hoy ny Baiboly hoe, "Ilay mpivarotena izay mipetraka eo ambonin'ny rano maro, ka ireo mpanjakan'ny tany rehetra sy ireo vahoakan'ny tany, ireo fiangonana sy ny sisa, dia nijangajanga ara-panahy taminy. Ary izy no RENIN'NY MPIJANGAJANGA," ireo anaram-piangonana.

34 Mandinika ny Baiboly isika, satria tsy mamela antsika ao anatin'ny aizina Andriamanitra. Nandefa ny Baiboly Izy mba hilaza amintsika mialoha an'ireo zava-mitranga talohan'ny nitrangan'izy ireo, ary ilay tena natiora sy fotoana izay hahatongavany.

35 Ankehitriny, ilay izy dia toy ny hoe mijery eo amin'ny fanisan'andro iray mba hahita hoe inona ilay daty. Raha

mihevitra ianareo, milaza fa Sabotsy izao, Alahady, inona ilay izy? Jereo ny fanisan'andro. Ny fanisan'andro no hiteny aminareo hoe inona ilay andro. Rehefa mahita ny fihetsiky ny olona ianareo, izay mandeha any am-piangonana angamba, hitanareo ny—ny . . . renareo ireo lakolosy maneno, dia manontany ianareo hoe inona ilay andro. Jereo ny fanisan'andro, izany no hiteny aminareo hoe inona ilay andro.

36 Ary rehefa hitanareo fa lasa arak'izao tontolo izao ilay fiangonana, tahaka azy tamin'ny andron'i Sodoma, hitanareo ilay fiangonan'izao tontolo izao fa miditra avokoa ao amin'ny . . . manompo "ny andriamanitr'izao taona ratsy izao," ka mahita an'izany; avy eo dia mahita an'ilay andiany vitsy kely miangona eo ambanin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, mamokatra indray an'ilay Ain'i Jesosy Kristy, amin'ny alàlan'ireo Soratra izay natao hitranga, dia fantatrareo hoe ora inona no iainanareo.

37 Ity Baiboly ity dia milaza mialoha, amin'ny alàlan'ny faminaniana, ny andro izay iainantsika, sy ny fotoana izay iainantsika, ary ny karazan'ny zava-mitranga izay tsy maintsy hiseho. Izy no milaza an'izany mialoha ara-bakiteny marina tokoa, ary tsy diso mihitsy tamin'ny taona anankiray, hatramin'izay. Na dia indray mandeha aza dia tsy diso mihitsy Izany, ary tsy ho diso Izany, satria izay voafidy mialoha hahita an'izany no hahita an'izany. Hoy Jesosy hoe, "Tsy misy olona afaka manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no mitarika azy, ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona." Izany no Teny mikambana amin'ny Teny. Tsy afaka manao na inona na inona hafa izany. Fantatsika izany, ny andro izay iainantsika.

38 Saingy efa toy izany ilay izy tao amin'ny taona rehetra, ny olona dia mamela an'ireo lehilahy hametraka ny fandikany manokana eo amin'ity Teny ity, ary manao azy ireo ho jamba amin'ilay zava-mitranga izay nitranga. Mitovy amin'izany no nataony tamin'ireo Fariseo sy Sadoseo. Na dia nitsangana teo aza i Paoly ka niezaka ny hanonona ny Soratra, ary nisy lehilahy iray namelaka azy teo amin'ny tavany satria izy niantso an'ilay mpisoronabe hoe rindrina voaloko fotsy. Ary tamin'izay fotoana izay izy ireo no diso tamin'ny fahitana an'Andriamanitra nanamarina Ny Teniny naminaniana.

39 Hitanareo, tsy manohitra ny Tenany ny Baiboly; ny Baiboly dia Andriamanitra. Tsy misy fifanoherana ao amin'Andriamanitra; tanteraka Izy.

40 Fa ny olona, miaraka amin'ny fandikany manokana! Ankehitriny mariho, mamelà ahy haneho aminareo, ry sakaiza. Tsy mety mifanaraka eo amin'ilay fandikana an'Izany ireo fiangonana. Ny Metodista dia tsy mety mifanaraka amin'ny Batista, ny Batista amin'ny Presbyterana, ny Presbyterana amin'ny Pentekotista. Ary miaraka amin'ireo

rafi-pandaminan'ny Pentekosta eo amin'ny efapolo samihafa eo, dia tsy mety mifanaraka izy ireo. Noho izany dia hitanareo, izany no ho Babylona indray, fifanjevoana.

41 Fa Andriamanitra no manao ny Fandikany Manokana an'Ny Teniny. Izy no nampanantena an'ity zavatra ity, ary Izy tenany no manao an'ilay izy avy eo. Izy no manome, Izy tenany, an'ilay fandikana an'izany, satria Izy no mampahafantatra ny Tenany ao amin'io ora io. Lavitra toy ny ahoana ny—ny fandrosoan'ny Vatan'i Kristy, avy eo amin'ny tongotra mankany amin'ny loha!

42 Mariho, koa izany no antony mahadiso an'ireo olona ireo amin'ny fahazoana azy, satria mihaino an'izay lazain'olon-kafa mikasika an'Izany izy ireo, raha tokony hamaky ny Teny tahaka ny nolazain'i Jesosy tamin'izy ireo mba hatao hoe, "Ary Ireo no Hany manambara ny Amiko. Zahao ny Soratra, ao Aminy no heverinareo fa hahazoanareo ny Fiainana Mandrakizay, ary Ireo no Hany manambara ny Amiko." Amin'ny teny hafa, henoy, "Inona? Vakio ny Soratra dia jereo izay nasaina nataon'ilay Mesia. Jereo hoe fotoana inona no natao hahatongavan'ilay Mesia. Jereo hoe iza no hialoha làlana an'ilay Mesia. Jereo ilay ora. Tsy maintsy hisy feo iray an'ny anankiray izay miantso mafy any an-efitra, Jaona. Ary ianareo dia nanao taminy marina tokoa an'izay nanoratana anareo. Jereo izay nasaina Nataoko rehefa tonga Aho. Ary ankehitriny inona no nataonareo? Efa diso tamin'ny fanatanterahana an'Izany ve Aho?" Hitanareo, Jesosy no miteny hoe, "Efa diso tamin'ny fanatanterahana an'Izany ve Aho?"

43 Mariho, raha mandroso manaraka ny Soratra isika izao tolakandro izao, ahoana fa ny zavatra rehetra izay naminaniana ny Aminy dia nitranga marina tokoa arak'izay natao haha-izy azy. Tokony ho fantatr'izy ireo io zava-mitranga io. "Io fanatika io, Lehilahy tanora dia nitsangana, teo amin'ny telo amby telopolo taona teo ary. . . na telopolo taona, ka nandeha teo ary nilaza an'ireo karazana Hazavana rehetra, sy ireo Voromailala niakatra. Ary, nahoana, izany fotsiny dia—dia fahafaham-baraka iray." Hoy izy ireo hoe, "Teraka avy tamin'ny raiamandreny tsy ara-dalàna Izy, nilaza fa Izy dia teraka tamin'ny fahaterahana ara-virijiny."

44 Tsy tokony ho fantatr'izy ireo ve fa Isaia no nilaza, ao amin'ny Isaia 9:6 hoe, "Zaza no teraka ho antsika"? Tsy tokony ho fantatr'izy ireo koa ve fa hoy ny mpaminany Isaia hoe, "Hanan-anaka ny virijiny"? Tokony ho fantany ireo zavatra ireo. Saingy, hitanareo, ny zavatra izay nisy, dia nampiharin'izy ireo tany aloha be tany ilay izy. Ary ity Lehilahy ity, ho azy ireo, dia tsy nahatanteraka an'ilay famaritana. Fa nanontany azy ireo Izy hoe, "Zahao ny Soratra, fa ao Aminy no heverinareo fa hahazoanareo ny Fiainana Mandrakizay, ary Ireo no tena ilay Zavatra izay manambara

ny amin'Ny Hafatro." Tsy hoe izay nolazain'ny teolojiana iray; fa izay nolazain'Andriamanitra, Ny Teniny Manokana, an'izay hiseho! Amena!

45 Toy izany ilay izy ankehitriny! Zahao ny Soratra, fa Ireo no Tokana izay milaza amintsika an'ilay ora izay iainantsika, milaza amintsika marina tokoa an'izay hiseho amin'izao andro izao. Ireo no Tokana izay tokony hianteheranareo, satria Ireo no Tokana izay manambara ny amin'ilay Olona Jesosy Kristy. Satria ny Baiboly no nilaza, fa, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," satria Izy no fanambarana ny Teny ao amin'ilay taona. Tsy mety ho hafa mihitsy.

46 Noho izany amin'ny fihainoana ny fandikan'olona, dia tsy hitan'izy ireo ny fanamarinana ny Tenin'Andriamanitra tanteraka, diso tamin'ny fahitana an'Izany izy ireo. Satria, mitohy hatrany foana ilay izy, fa satria izy ireo dia mihaino . . . Ary hoy Jesosy hoe, "Mpitarika jamba izy ireo." Ary raha ny jamba no mitarika ny jamba, dia inona no mitranga amin'izy ireo? Ankehitriny tsarovy, ny Baiboly no nilaza mialoha fa io taona ara-pivavahana an'ity Taona Laodikiana ity dia jamba. Izy ireo no nanao Azy tany ivelan'ny fiangonana. Tsy misy taona iray hafa, taom-piangonana iray hafa, izay nisy an'i Jesosy tany ivelany. Fa ny Taonan'ny Fiangonana Laodikia, tany ivelany Izy, miezaka ny hiverina hiditra, "Mijoro eo am-baravarana Aho ka mandondòna." Natao ho ao anatiny Izy. Saingy hoy Izy hoe, "Satria hoy ianao hoe, 'Manan-karena aho, nihary fananana, tsy mila na inona na inona,' nefa tsy fantatrao, tsy fantatrao fa ianao dia jamba, mitarika ny jamba, malahelo am-panahy, ory, mahantra, mitanjaka, nefa tsy fantatrao izany." Toy ny inona ny toe- . . . Raha nitanjaka teny an-dàlambe ny olona iray, mahantra, jamba, nefa nahafantatra fa manan-tsaina ampy mba hahafahanareo hiteny aminy fa mitanjaka izy, dia hiezaka hanao zavatra iray mikasika an'izany izy. Fa rehefa manodinkodina ny lohany izy, manao hoe, "Tsy hilaiko Izany. Iza moa ianao no hiteny amiko an'izay hatao? Fantatro izay ijoroako." Ankehitriny, raha tsy izany no toerana mahonena, dia tsy fantatro. Ary izany marina tokoa no nolazain'ilay Andriamanitr'ity Baiboly ity fa hisy ny fiangonana, ao amin'izao taona ratsy izao amin'izao ankehitriny izao mihitsy, ao amin'ilay taom-piangonana farany izay iainantsika.

47 Mariho, fa ho an'ny olona, "Izay Tiako ihany, no Anariko." Ankehitriny, raha anarin'ny Tompo ianareo, ny amin'izay ataonareo, dia mivoaha avy ao amin'izany àry! Manalavira an'izany. "Izay Tiako ihany, no Anariko."

48 Ankehitriny, eo am-pahitana an'Andriamanitra, ankehitriny, ahoana moa raha hoy ireo Fariseo ireo hoe, "Andraso iray minitra. Io Lehilahy io dia tena nanome anay

fihaikana iray mihitsy, hoy Izy hoe, 'Zahao ny Soratra, fa ao Aminy no heverinareo fa hahazoanareo ny Fiainana Mandrakizay; Ireo no manambara ny Amiko.' Tsaratsara kokoa ho ahy ny mitodika amin'ny Soratra ka hahita izay nasaina Nataony, Iza Izy, inona no natao hiseho. Tsy maintsy hitodika aho ka hahita"? Raha tokony ho izany, dia nandeha teo amin'ireo mpisorona izy ireo ka nanontany azy ireo hoe, "Inona no mikasika an'Izany?" Hitanareo ve ilay fahasamihafana? Tokony ho namaky ny Teny izy ireo.

49 Ao amin'ny Hebreo 1:1, hoy ny Baiboly hoe, "Andriamanitra, tamin'ny andro samy hafa," izany hoe, "andro fahiny sy tamin'ny fanao samy hafa no nanoratra ny Baiboly tamin'ny alàlan'ireo mpaminany." Ankehitriny mariho, Izy no nanoratra ny Baiboly tamin'ny alàlan'ny Fombany nofidiany Manokana. Hitanareo? Ankehitriny, tsy voatery nanoratra Azy tamin'izany fomba izany Izy, tsy voatery koa Izy hamonjy ny olona tamin'ny alàlan'ny Rà. Tsy voatery hitory ny Filazantsara tamin'ny alàlan'ny olona Izy; afaka namela ny masoandro na ny volana na ny kintana hitory ny Filazantsara Izy, afaka namela ny rivotra hisamonomonona ny Filazantsara Izy. Fa nifidy olona Izy! Ary Izy no nifidy ny fomba nahatongavan'Ny Teniny, ary izany dia tamin'ny alàlan'ireo Mpaminaniny izay voafidy mialoha sy voatendry mialoha, amin'ny maha-ampahany iray an'ny Tenin'Andriamanitra, milaza ny fanambarana Ny Teniny amin'io taona io sy fotoana io. "Fa ny Tenin'Andriamanitra dia tonga tamin'ireo mpaminany irery ihany." Tsy tonga tamin'ny teolojiana iray mihitsy Izany. Asehoy ahy ny Soratra. Tonga amin'ireo mpaminany irery ihany Izany. Tsy afaka mandainga Andriamanitra. Noho izany dia Andriamanitra no nanoratra ny Baiboly tamin'ny alàlan'ny Fanaony voafidy, ary ireo Mpaminaniny voafidy Manokana; tsy ireo mpaminany izay nofidian'olona, fa ireo mpaminany izay nofidian'Andriamanitra.

50 Amin'izay fotoana izay ireo Mpinony dia mandinika ny fahatanterahan'izay nolazain'ny mpaminaniny, ary izany no fanondroana fa mpaminanin'Andriamanitra izy ireo. Satria, voalohany, dia voatsindrimandry izy ireo. Manaraka, mijanona marina tokoa amin'ny Tenin'ilay ora izy ireo. Amin'izay fotoana izay dia izany no fanendrena azy. Hitanareo, efa nandalovantsika izany tamin'ny Alahady heriny. Maro ireo mpaminany sandoka hitsangana. Ary nomentsika ireo sarin'izany ny amin'i Balama sy Mosesy, izy roa ireo dia samy voahosotr'ilay Fanahy iray ihany, ny iray tamin'izy ireo nanao hoe, "Iray ihany isika rehetra. Ndao isika hikambana, hanakambana ny zazavavintsika sy ny rehetra hiaraka. Manana zazavavy tsara tarehy izahay eto, ary tongava eto ianareo zazalahy ka makà vady tsara iray ho anareo. Mety

tsara daholo izany, vahoaka iray ihany isika, na ahoana na ahoana, razana iray ihany." Tsy namela azy ireo mihitsy Andriamanitra noho ny amin'izany. Izany no nohenoin'izy ireo.

51 Hitanareo, izao tontolo izao sy ny—ny olona dia mikaroka fivoahana kely iray, fiolahana kely iray, hitsin-dàlana kely iray, saingy tsy misy hitsin-dàlana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Modely iray no misy. Tsy maintsy mandrantsana ny tenanareo ianareo mba ho antonona an'io Modely io, fa tsy miezaka mandrantsana an'ilay Modely mba ho antonona anareo. Tsy maintsy manao an'izany ny olona rehetra. Izay ihany no fomba izay nanaovan'Andriamanitra azy.

52 Mariho ankehitriny, niandry an'io Teny io ho voamarina ireo mpino. Hitanareo, tsy nosoratan'olona Izany, fa tamin'ny alàlan'ny Tompo Andriamanitra, noho izany dia tsy bokin'olona iray Izany.

53 Nisy olona iray nanao hoe, "Izany dia soratra Hebreo tranainy iray fotsiny." Hanoratra taratasy iray izay nanameloka ny tenan'izy ireo ve ny Hebreo? Io firenen'ny Jiosy tsara io ve, manambony tena sy mamiratra, hanoratra ny helony manokana ve izy ireo, mifanameloka amin'ny tenany? Tsia tokoa. Mitantara an'ireo helony manokana, hoe ahoana no nidiran'izy ireo tao amin'ny fanompoan-tsampy, ahoana no nijangajangan'izy ireo nanohitra ny Tenin'Andriamanitra? Tsia, tsia. Tsy hitantara an'izany mihitsy izy ireo, io firenena mirehareha io.

54 Tsy bokin'olona iray Izany. Bokin'Andriamanitra Izany. Ary ilay olona izay mahita an'ireo fahitana na mandre ny Feon'Andriamanitra, dia tsy nahazo azy mihitsy (imbetsaka) tamin'ny tenany, tamin'ny fiseho maro. Hitanareo? Tsy olona no nanoratra ny Baiboly. Andriamanitra no nanoratra ny Baiboly. Izany dia tsy. . . Izany dia tsy bokin'olona iray. Izany dia Bokin'Andriamanitra. Izany dia ireo fisainan'Andriamanitra voaseho tamin'ny alàlan'ireo molotr'olombelona. Izany no manao Azy ho Baiboly. Ny fisainana iray voaseho dia teny iray. Ary tamin'ny voalohany ny Fisainan'Andriamanitra, Nasehony tamin'ny alàlan'ny molotr'ireo Mpaminaniny Izany ary nohamarininy tamin'ny alàlan'ireo Mpanompony Izany. Hitanareo? Mariho.

55 Andriamanitra no manao ny Safidiny Manokana, amin'ny alàlan'ny fifidianana mialoha, mifidy an'ireo mpaminany ho an'ny taona rehetra. Mariho izany. Izy no mametra ny natioran'io mpaminany io mba ho antonona an'io taona io. Hitanareo, Izy no manamboatra ny bikany, na inona na inona ataony. Izy no manamboatra azy na nianatra izy na tsy nianatra. Izy no manamboatra an'ireo fanomezana, ny fomba hitoriany teny, ny fanomezana izay hananany. Ary ny Hafatra ho an'io taona iray io, dia Andriamanitra no nifidy mialoha an'io zavatra iray io hitranga ka tsy misy zavatra hafa iray afaka haka ny toerany.

Tsy ahoako na inona ilay izy, firy ireo zava-bita nataon'olona, tsy misy na inona na inona afaka haka ny toerany. Izy no nifidy mialoha an'ilay lehilahy, angamba lehilahy iray tsy mahay. Izy no mety efa nifidy azy mialoha ho karazana lehilahy iray hafa. Na inona izy na inona, dia Izy no nanome azy ny kilasiny, ny—ny fanomezany, nanome azy ny natiorany, ny bikany, ary na inona na inona ilay izy, ahoana no hanehoany ny tenany, ary na inona na inona ataony. Izy no manao ny lehilahin'ilay ora mba hahazo an'ireo olon'ilay ora. Marina. Izy no manao an'izany.

56 Ary amin'ny fiafaran'ny taona tsirairay, rehefa nitodika tany amin'izao tontolo izao sy ny ota ny fiangonana, ka niankina teo amin'ny fandikan'olona an'ilay Teny. Tahaka ny hatramin'izay, izy ireo isan'andro, teo amin'ny fiafaran'ilay taona, dia niditra tao amin'izany loto iray izany noho ireo teolojianiny sy pretrany hany ka loto iray foana ilay izy. Diso foana ny fandikan'izy ireo, tsy nisy fotoana anankiray mba nahatonga an'izany tsy ho diso mihitsy. Ary tsy nisy fotoana anankiray mba tsy nahatonga ny Tenin'Andriamanitra ho marina. Izany ilay fahasamihafana.

57 Ankehitriny hitanareo, Andriamanitra no nanoratra ny Baiboly, Izy tenany. Ankehitriny, afaka miteny Andriamanitra. Mosesy no nilaza fa niteny taminy Izy. Hoy Jeremia hoe, "Izy no nametraka ny Teny teo am-bavako." Ary afaka manoratra Andriamanitra. Izy no nanoratra ny didy folo tamin'ny Rantsan-tànany Manokana. Izy no nanoratra teo amin'ireo rindrin'i Babylona. Ary, tsarovy, ao amin'ny Testamenta Taloha fotsiny, dia indroa arivo ireo mpaminany no nilaza hoe, "HOY NY TOMPO HOE!" Afaka miteny Andriamanitra, afaka manoratra Andriamanitra. Izany tokoa. Saiky ny sivifolo isan-jaton'ny Matio, Marka, Lioka, ary Jaona, dia tena ireo Tenin'Andriamanitra Izy tenany mihitsy, Jesosy Kristy no miteny. Noho izany, raha afaka manoratra Andriamanitra, raha afaka mamaky Andriamanitra, raha afaka miresaka Andriamanitra, dia tsy afaka hanao ny sasany hanao tahaka an'izany ve Izy? Tsy nilaza tamin'i Mosesy ve Izy hoe, "Iza no manao ny olona ho moana na iza no manome azy ny fitenenana?" Andriamanitra no nanoratra ny Baiboly tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, izay ny Fombany fanaovany azy.

58 Ankehitriny isaky ny lasa mifangaro ilay fiangonana (ary efa fantatr'Andriamanitra mialoha fa hifangaro izy ireo, satria efa Fantany mialoha ny zavatra rehetra), noho izany dia manana ny Mpaminaniny iray vonona ho an'io taona io Izy, mba hiantso ny Nofidiany tamin'ny alàlan'Ny Teniny voamarin'ireo famantarana sy fahagagana, sy fanamarinana Ny Teniny hoe, "manamarina ny Teny miaraka amin'ireo famantarana manaraka," araka ny Nampanantenainy. Izy no manome ny fandikana marina rehefa avy nohamarinina ilay mpaminany izy tenany.

59 Ny rehetra afa-tsy ireo, ilay voafidy izay nanirahana azy, dia mankahala azy. Ankehitriny, diniho ny fisehon-javatra rehetra dia jereo raha marina izany na tsia. Ireo izay hany nanirahana Azy irery ihany! "Tonga tamin'ny Azy Manokana Izy, fa ny Azy Manokana tsy nandray Azy. Fa izay rehetra nandray Azy, dia ireo no Nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra." Mariho, tsy . . . ny fandinihana rehetra ny Teny, ao amin'ny fisehon-javatra rehetra, ary amin'ny fiafaran'ny taona rehetra na famaranana na fihaonan-dàlana, araka ny nitoriako teo amin'izany imbetsaka.

60 Jereo ny taonan'i Noa, teo amin'ilay famaranana talohan'ny fitsarana. Inona no nitranga? Noa, ny fianakaviany manokana irery ihany no nino an'ilay lehilahy. Ny sisa tamin'izy ireo dia nitsikera azy. Ary rava ilay izao tontolo izao manontolo.

61 Tamin'ny andron'i Abrahama, dia ny vondron'i Abrahama irery ihany no nino. Rehefa nandeha sy nitory teny tany Sodoma ireo Anjely, dia i Lota sy ny vadiny ary ireo zananivavy anankiroa irery ihany no nivoaka, ary nivadika ho vongan-tsira izy.

62 Tamin'ny andron'i Mosesy, dia ireo voafidy tamin'ny Isiraely irery ihany no nivoaka. Ary nankahala azy i Farao.

63 Tamin'ny andron'i Elia, ny zavatra rehetra (saiky) afa-tsy ireo lehilahy fito arivo, ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nankahala azy, ilay firenena manontolo.

64 Tamin'ny andron'i Jeremia, nahoana, dia notorahan'izy ireo voankazo manta izy, ka niantso azy ho fanatika iray, satria nandry tamin'ny ilany izy nandritry ny andro maro, ary tamin'ilay ilany hafa, ary—ary naka zavatra ka nanao azy ireny ho marika. Nankahala azy izy ireo.

65 Isaia mpaminany, nanameloka an'ilay taranaka be loatra izy hany ka notsofain'izy ireo nizara roa tamin'ny tsofa iray izy. Marina.

66 Jaona Mpanao-batisa. "Olon-dia iray izy tany, adala iray niantsoantso."

Ny rehetra afa-tsy—afa-tsy ireo mpianatra izay natolony an'i Jesosy Kristy ho fiangonana iray! Io ilay izy. Nanomana vahoaka iray i Jaona. Firy no azony? Azonareo isaina amin'ny rantsan-tànana roa izy ireo . . . tànana roa, ireo rantsan-tànanareo, firy no natolotr'i Jaona an'i Jesosy rehefa tonga Izy. Ankehitriny, dia ahoana ny amin'ny Fihaviany Faharoa? Eritrereto izany.

67 Fa rehefa nahita ny Teny tena voamarina niharihary ho an'ilay taona kosa ireo mpinon'ny Baiboly marina, dia nino izy ireo. Tsy nisy fomba nanakanana azy ireo tamin'Izany, mino an'Izany izy ireo. Asian'izy ireo tombokase tamin'ny ràny

mihitsy aza ny fanambarany. Mino an'Izany izy ireo. Ho azy ireo Izany amin'izay fotoana izay, ilay voafidy mialoha, fa izay an'io taona iray io no mahita sy mino.

68 Ireo hafa dia tsy afaka mahita an'Izany fotsiny; jamba izy ireo. Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Tsy afaka mahita an'Izany izy ireo." Ankehitriny, tahaka an'i Balama, nahoana i Balama no tsy afaka nahita an'Izany? Mpaminany iray izy, voahosotra. Nahoana i Farao no tsy afaka nahita an'Izany? Rehefa hitany nidina ilay tànan'Andriamanitra ka nanao fahagagana tao, dia nanamafy ny fony fotsiny izany. Marina ve izany? Nahoana i Datana no tsy afaka nahita an'Izany, Jiosy tenany iray? Teo mihitsy, niampita an'ilay Ranomasina Maty, sy nihinana ny mana isan-kariva, izay nilatsaka vaovao, nefa mbola tsy afaka nahita an'Izany foana. Nahoana i Kora no tsy nahita an'Izany? Nahoana i Kaiafa no tsy nahita an'Izany? Izy no lohan'ny olona mpivavaka teto amin'izao tontolo izao tamin'izany fotoana izany. Nahoana izy no tsy nahita fa io no Mesia? Nahoana i Jodasy no tsy nahita an'Izany? Niaraka tamin'izy ireo mihitsy i Jodasy, nandeha niaraka tamin'izy ireo, nanao fahagagana niaraka tamin'izy ireo. Saingy tsy maintsy tanteraka ny Teny. Ny Baiboly no milaza fa izy ireo dia natsangana mba haka an'io toerana io. Natsangana ho an'io tanjona io izy ireo. Marina izany. Romana 8 no milaza an'izany.

69 Ankehitriny ireo mpino dia afaka mahita fa ny Teny dia tonga nofo tao amin'ny taranak'izy ireo, Andriamanitra miteny. Ankehitriny, ireo tena mpino marina ireo, ireo fito arivo ireo (na fitonjato ve ilay izy?) tamin'ny andron'i Elia. Fito arivo no marina. Tamin'ny andron'i Elia, dia nisy lehilahy fito arivo avy tamin'ny roa na telo tapitrisa teo ho eo, no nahita fa marina Izany. Tsy ny iray ampahazaton'ny olona akory aza, zara. Saingy hitan'izy ireo fa marina Izany. Nahita an'Andriamanitra voaseho izy ireo. Ilay mpitondratena antitra izay nanirahana an'i Elisa, nandeha haka an'ireo tapa-kazo ireo izy, mba hanaovana mofo iray, ary ampy fotsiny hanaovana mofo iray ho azy sy ny zanany, ary avy eo dia ho faty. Fa diniho i Elia, hoy izy hoe, "Anaovy anankiray aho, aloha. Fa, HOY NY TOMPO HOE, tsy ho foana ny barika na ho ritra ny siny mandra-pahatongan'ny andro izay andefasan'ny Tompo Andriamanitra ranonorana amin'ny tany." Tsy nisy fanontaniana, niainga avy hatrany izy hanao an'ilay mofo ary nanome an'izany ho azy. Hoy izy, "Ataovy aloha ny ahy, ary avy eo dia mandehana manao anankiray ho anao sy ny zanakao." Fa, nandre an'io lehilahy io izy, ary nijery azy; voa iray voafidy mialoha izy.

70 Maro amin'izy ireo no manao hoe, "Io indray ilay masiaka ratsy io. Noho ny aminy no nanozonan'Andriamanitra antsika," tsarovy, Elia. Hoy izy, "Ianao no hany manakorontana ny Isiraely."

71 Ho izy hoe, “Ianao no hany nanakorontana ny Isiraely.” Hitanareo ve hoe iza no Andriamanitra . . . Tenin’Iza no Nanamarinany? Ny Teniny Manokana.

72 Ankehitriny ny Baiboly no milaza fa natsangana ho an’io tanjona io izy ireo, saingy rehefa . . . ilay—ilay tsy mpino. Fa ankehitriny rehefa afaka mahita ny Teny ho an’io taona io tonga nofo ilay mpino marina, Andriamanitra miteny amin’ny alàlan’ny molotr’olombelona ary avy eo manao marina tokoa an’izay Nolazainy fa Hataony, dia milamina hatreo izany!

73 Ankehitriny diniho ny sisa amin’ilay izy. Aza mijery an’ireo famantarana. Raha mijery an’ireo famantarana ianareo, dia tena azo antoka fa ho lasa adala tahaka an’izao tontolo izao ianareo. Hitsangana ireo mpaminany sandoka ka haneho famantarana sy fahagagana izay hamitaka ny voafidy raha azo natao. Diniho ny Teny. Jereo ireto mpisorona ireto, ireto mpaminany ireto, mpaminany Hebreo izay nitsangana teo. Zedekia niaraka tamin’ny tandroka roa goavana be, ka nanao hoe, “Izaho dia mpaminany iray voatendrin’Andriamanitra.” Marina izany. “Manana sivy amby sivifolo sy telonjato aho eto miaraka amiko, ary ny Fanahy Masina no eo aminay, manamarina sy milaza fa antsika io tany io. Ndao isika hiakatra ka haka azy. Ary amin’ny alàlan’ireo tandroka ireo, ry Ahaba, no hanosehanao ny fahavalo hiala amin’ny tanintsika, fa Andriamanitra no nanome antsika ny tany.”

74 Diniho io lehilahy mpivavaka io, lehilahy tsara, Josafata, nanao hoe, “Tsy manana anankiray hafa ve ianao?”

75 “Anankiray hafa? Misy efajato ireo miray saina!” Hoy izy hoe, “Eny, misy anankiray hafa eto amin’ny manodidina eto, saingy halako izy.” Hoy izy, “Mivazavaza anay rehetra foana izy ary miteny anay hoe mpanota be toy ny inona izahay, sy ny sisa.” Hoy izy, “Halako izy! Izy, izy no Mikaia, ny zanak’i Jimla.”

76 Hoy izy hoe, “Oh, aoka tsy hiteny toy izany ny mpanjaka. Mandehana alaivo izy dia ndao henointsika izay lazainy.”

77 Noho izany dia nentin’izy ireo teo izy. Hoy izy hoe, “Omeo ahy ity alina ity dia ho hitako izay holazain’ny Tompo mikasika an’izany.”

78 Hoy i Ahaba hoe, “Mampianiana anao aho, aza miteny amiko afa-tsy ny fahamarinana ianao.”

79 Dia tonga ilay lehilahy, nanao hoe, “Ankehitriny, raha te-hiverina ao amin’ny fiombonana tsara ianao, dia milazà fotsiny tahaka ny sisa amin’izy ireo.”

Hoy i Mikaia hoe, “Hilaza fotsiny an’izay lazain’Andriamanitra aho.” Hitanareo?

80 Ny ampitso maraina, dia tonga izy ireo. Nanao ny akanjony ireo mpanjaka, nipetraka teo amin’ny vavahady,

ilay laza rehetra. Nitsangana teo ilay mpaminany. Hoy izy ireo, "Ankehitriny, ry fanatika, inona no lazainao mikasika an'izany?"

81 Hoy izy, "Miakara." Hoy izy, "Saingy nahita ny Isiraely niely tahaka ny ondry tsy misy mpiandry aho."

82 Izy name-. . . naka ny tànany ary namelaka azy teo amin'ny vava. Ilay mpaminany namelaka ny mpaminany teo amin'ny vava. Ankehitriny, nitsangana teo ireo mpaminany roa voahosotra ireo, naminany, efajato nanohitra anankiray, toa tena matanjaka izany. Ankehitriny, tsy hoe fiarovana foana akory ny ao anatin'ny hamaroan'ny mpanolo-tsaina. Izany dia miankina amin'ny hoe aiza izy ireo. . . inona no saina atolotr'izy ireo mikasika an'izany, inona ilay tolo-tsain'izy ireo. Tsy nisy fiarovana ho an'ilay mpanjaka teo, ary naka an'io hamaroana io izy mba hahamarina ny tolo-tsain'izy ireo. Saingy raha mba nijanona fotsiny izy ka namadika an'ilay horonana ary nijery izay vao avy nolazain'i Elia.

83 Tamin'izay fotoana izay, dia tsy afaka nilaza na inona na inona i Mikaia, tsy fantany, fa angamba namela azy Andriamanitra ny amin'izany. Fa voalohany, amin'ny maha-mpaminany iray, dia nankany amin'Andriamanitra izy mba hahita izay nolazain'Andriamanitra. Ary hitany izay nolazain'Andriamanitra. Hoy izy hoe, "Nahita an'Andriamanitra nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana iray aho, ary Izy no nilaza. . . naka an'ireo Mpanolo-tsainy an'ny Lanitra rehetra hiangona nanodidina Azy, nanao hoe, 'Iza no Azontsika alefa hidina ka hanao an'i Ahaba hivoaka eto, mba Hahafahantsika manatanteraka amin'ny fomba hafa ny faminaniana izay efa vita mikasika azy?'"

84 Hitanareo, ny faminaniana, efa nilaza i Elia hoe, "Ny alika no hilelaka ny rànao."

85 Ary noho izany dia nilaza izy fa izy "dia nahita fanahy mandainga iray niakatra avy tany ambany, niakatra, niakatra teo Anatrehany, nanao hoe, 'Izaho no handeha hidina ka hiditra ao anatin'ireo mpaminaniny, ireo mpaminanin'i Ahaba, ary hanao azy ireo haminany lainga iray.'"

86 Ankehitriny, efa fantatr'Andriamanitra fa ireo lehilahy ireo dia tena niavonavona sy feno teolojia hany ka nihevitra izy ireo fa izy ireo no nanana ny zavatra marina rehetra. Tsy voamarik'izy ireo mihitsy ny Teny ho an'ilay ora. Noho izany dia hoy Andriamanitra hoe, "Hahomby ianao; mandehana midina." Ary rehefa nilaza an'izany i Mikaia, dia izany no nanao azy ireo haminany teo ambanin'ny fanahy ratsy iray. Nopihan'izy ireo ilay famonoana ny telefona, na namono an'ilay radio, na nanao ny zavatra rehetra; ren'izy ireo fa tonga Izany nanohitra azy ireo, nitsangana ary nivoaka.

Saingy jereo izay nitranga. Ankehitriny, tsy maintsy nohamarinin'i Mikaia tamin'ny Teny voasoratra ny fahitany, noho izany dia fantany.

87 Hoy izy hoe, "Rehefa tonga aho. . . Ataovy ao an-tranomaizina io lehilahy io, omeo ranom-pahoriana sy mofom-pahoriana izy. Rehefa miverina aho, dia hifampiraharaha aminy."

88 Hoy izy hoe, "Raha miverina tokoa ianao, dia tsy niteny tamiko mihitsy Andriamanitra." Izany rehefa fantany fa ny fahitany dia miaraka marina tokoa amin'ny Teny rehetra ho an'io ora io. Izany no fotoan'i Ahaba.

89 Rahalahy, ranabavy, izao no ora sy fotoan'ny antso hivoahana avy ao Babylona. Eto ilay Hazavan'ny hariva. Mandehana ao amin'ny Mazava dieny mbola misy mazava. Mariho, ireo mpino dia nahita ny Teny voaseho ka nino an'Izany. Hoy Jesosy hoe, "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko, Ny Teniko, ireo Famantarako ho an'ilay taona. Tsy hanaraka sandoka iray izy ireo."

90 Ankehitriny ndao isika hiditra eo amin'ny lahatenintsika, satria hitako fa ho lasa lavitra aho. Te-hanisy tsindrim-peo betsaka eo amin'ilay laharam-bavaka aho. Ndao isika hiverina amin'ilay lahateny ankehitriny izay hidirantsika eo ambanin'ny fankasitrahana, eto mandritry ny iray minitra. Eny, hitranga indray izany tahaka ny naha-izy azy foana, tahaka ny mahazatra.

91 Naniraka ny Mpaminaniny Andriamanitra, Jaona, araka ny efa nolazain'Ny Teniny, nampanantenaina ao amin'ny Malakia 3 hoe, "Indro, Izaho maniraka ny Irako eo Anatrehako, mba hanamboatra ny làlana." Nanambara an'ilay zavatra iray ihany i Jaona. Ary hitantsika koa, ao amin'ny Isaia 40:3 hoe, fa hoy Isaia hoe, "Hisy feon'ny mpaminany iray, anankiray hiantso mafy any an-efitra hoe, 'Amboary ny làlan'ny Tompo.'" Hitanareo? Ireo faminaniana rehetra ireo! Ary—ary jereo, mariho haingana, fa ny Soratra dia nanondro azy.

Rehefa hoy izy ireo hoe, "Iza moa ianao? Ianao ve no Mesia?"

Hoy izy hoe, "Tsy izy aho."

"Jeremia ve ianao? Ireo mpaminany, sa ny iray amin'izy ireo?"

92 Hoy izy hoe, "Tsy izy aho. Fa izaho no feon'ny anankiray izay miantso mafy any an-efitra, araka ny nolazain'i Isaia mpaminany."

93 Mihevitra ve ianareo fa hino an'izany izy ireo? Tsia, tompoko. Nahoana? Tsy avy tamin'ny fiangonan'izy ireo izy. Izy dia tsy avy tamin'ny. . . Hitanareo, lasa tany an-efitra izy tamin'ny fahasivy taonany, ary nivoaka tamin'ny fahatelopolo

taonany. Lehibe loatra ilay hafany ka tokony handalo ao amin'ny sekolin'ny teolojia iray; izy no tokana hampiditra ny—ny Mesia. Ary ny olona rehetra dia nanosika azy tany amin'*ity* làlana ity sy *itsy* làlana itsy. Ary nandefa azy tany an-efitra Andriamanitra, taorian'ny fahafatesan'ny rainy, Zakaria. Ary mpisorona iray izy, saingy izy kosa tsy nanaraka ny asan'ny rainy mihitsy.

94 Satria, tsy avy amin'ny karazan-javatra tahaka an'izany ireo mpaminany. Izy ireo dia avy any amin'ny tany mideza, an-efitra. Tsy misy olona mahafantatra hoe avy aiza izy ireo, na ahoana no hisehoan'izy ireo an-tsehatra, na ny iray avy amin'ny tantarany. Mivoaka avy hatrany izy ireo ary mitory ny Teny, dia manala azy ireo Andriamanitra, ary lasa izy ireo; manameloka an'ilay taranaka, dia mandroso amin'Ny Teniny, miandry an'ilay andro lehibe.

95 Tsy nino azy ny fiangonana, satria tsy fantatr'izy ireo izy. Tsy nanana filazana ny amin'ny fanendrena azy ao amin'ny bokiny izy ireo, noho izany dia nolaviny izy. Hitanareo, tsy nino ny Tenin'Andriamanitra voamarina izy ireo, miharihary, ara-bakiteny. Hitanareo? Malakia 3, Soratra roa mba hanamarina azy, Malakia 3 sy Isaia 40:3. Hitanareo, ireo Soratra roa ireo dia samy miresaka ny amin'ny lehilahy iray ho avy, hanamboatra ny làlan'ny Tompo. Nahatanteraka ny famaritana rehetra ny amin'izany izy.

96 Tsy maintsy ho mpaminany iray izy. "Haniraka an'i Elisa ho aminareo Aho." Ary teo izy, tao amin'ny làlana mideza rehetra. Diniho hoe toy ny ahoana no nifanarahan'ny natiorany tamin'i Elia. Elia dia lehilahin'ny an-efitra iray, toy izany koa i Jaona; ireo ankalamanjana. Tsy lehilahy iray bonaika izy, lehilahy iray henjana izy.

97 Mariho indray, mpankahala vehivavy i Elia, nolazainy tamin'i Jezebela ny rehetra mikasika ny lokon-tarehiny, sy ny hoe aiza no handehanana sy hialana. Toy izany koa i Jaona. Niezaka ny hamono an'i Elia i Jezebela, nianiana tamin'ireo andriamaniny fa hanapaka ny lohany izy. Toy izany koa no nataon'i Herodiasy. Hitanareo?

98 Diniho foana ireo hafany, diniho izay nataon'izy ireo. Ankehitriny dia hitantsika fa raha mba nitodika tany aoriana izy ireo ka nahita an'izay nolazain'ny Baiboly, ary nandinika ny natioran'ilay lehilahy sy hoe tonga ara-potoana tanteraka niaraka tamin'ny Soratra izy sy ny sisa, dia tokony ho nahafantatra izy ireo fa izy io. Saiky ny antsasaky ny roa ambin'ny folo no nahafantatra an'izany. Marina izany. Tsy nihoatra ny antsasaky ny roa ambin'ny folo no nahalala an'izany. Nandeha nihaino azy izy ireo, saingy tsy nino an'Izany izy ireo. Hitanareo? Nahoana? Tsy nino an'ilay fanondroan'ny faminaniana tao amin'ny orany izy ireo.

99 Mariho, naneso azy izy ireo, niantso azy ho "mpiantsoantso, olon-dia, fanatika tsy nampianarina tsy manan-tsekoly, 'hit, hain't, tote, carry, fetch,' sy ny sisa." Tahaka ny mahazatra dia nitsara azy tamin'ny fianarany izy ireo. Nitsara azy tamin'ny gramerany izy ireo, tamin'ny fomba niakanjoany. Nanana tapaka hoditr'ondry iray izy nanodidina azy, ary nanao fehikibo hodi-drameva, voloina tanteraka izy. Nandeha tao anaty rano; tsy nisy fiangonana, tsy nisy dabilio, tsy nisy fiaraha-miasa; tsy afaka nanaiky an'izany izy ireo; nanompo an'ilay andriamanitr'izao tontolo izao izy ireo. Hitanareo?

100 Izaho tsy hoe te-hilaza ankehitriny fa misy ireo mpaminany sandoka izay mivoaka, tahaka an'i Jambra sy Jana. Fa ny fomba tianareo hatao, dia ny manamarina an'ilay hafatra tany am-boalohany amin'ny alàlan'ny Teny, amin'izay fotoana izay dia ho azonareo ilay izy; ao amin'ny taona inona ilay izy, ary inona no naminaniana ho an'io taona io.

101 Noho izany dia voamarina tao amin'ny lamin'Andriamanitra Manokana ny faminanian'i Jaona. Diniho hoe tanteraka toy ny ahoana. Hoy ny Baiboly hoe, "Ny Tenin'ny Tompo dia tonga amin'ny mpaminany." Ary Jesosy no Teny. Ary Jaona dia naminany ny amin'ny fahatongavan'ny Teny ho amin'ny fahatanterahana; ary Jesosy, ilay Teny, dia tonga teo amin'ilay mpaminany, tao anatin'ny rano. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana! Tsy diso toy ny ahoana ilay. . . Hitanareo? Zavatra mahalana iray ny Teny tamin'io andro io. Indro tonga ilay mpaminany, nanao hoe, "Izaho no feon'ny Teny."

Hoy izy ireo hoe, "Inona no tokony hataonay?"

102 Hoy izy, "Tsy mendrika ny hamaha ny Kirarony aho. Fa misy Anankiray izay mitsangana eo anivonareo, any ho any, Izy no ho Anankiray izay hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy Afo. Eny an-Tànany ny Fikororohany, ka ho Dioviny tsara ny Famoloany, ary hodorany amin'ny afo tsy azo vonoina ny ampombo, haka ny voa ho ao an-tsompitra." Oh, mpaminany iray toy ny inona! Jesosy no nilaza fa tsy nisy mihitsy olona natera-behivavy ka lehibe noho izy, hatramin'io andro io. Oh, mirefotra toy ny ahoana! Toy ny ahoana no nahafantarany an'izay nijoroany! Fantany marina tokoa. Nandre avy tamin'Andriamanitra izy, ary niaraka tamin'ny Teny marina tokoa izany, hany ka tsy nahoany izay nolazain'ny olona. Nitory an'Izany izy ary naminany an'Izany, na ahoana na ahoana. Ary diniho, rehefa ny olona iray no manohana an'izay Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia voatery Andriamanitra hanamarina an'io olona io ho Fahamarinana.

103 Rehefa nidina tany Egypta i Mosesy, dia nanao hoe, "Tany an-efitra lavitra tany aho, ary nahita hazo iray nirehitra, ka tsy levona izany. Nandeha teo amin'io hazo io aho, ary, rehefa nandeha aho, dia nisy Andry Afo lehibe iray nihantona teo.

Ary nisy Feo iray nanao hoe, 'IZAHO IZAY IZY NO IZY.' Ary niteny tamiko Izy mba haka an'ity tehina ity ka hidina eto sy hanao an'ireto fahagagana ireto, ary hanamarina Ny Teniny Andriamanitra." Naninjitra ny tehiny izy, dia indro tonga ireo parasy sy lalitra, ary aizina sy ny sisa. Ary tamin'izay fotoana izay mba hanamarinana an'io mpaminany io, dia Nentiny niverina avy hatrany tany an-tendrombohitra ireo mpino ireo, ka nidina Andriamanitra tao amin'ilay Andry Afo iray ihany, teo amin'ilay tendrombohitra iray ihany, ary nanaporofo fa marina izany.

Ankehitriny jereo izay Nataony amin'izao andro izao. Marina tokoa.

104 Ankehitriny, tonga tamin'ny mpaminany ny Teny ary nanamarina azy ho ilay olona marina, ilay tena olona izay nolazain'ny Soratra fa ho izy. Haingana ankehitriny. Fa, indray koa, Jesosy dia tonga tamin'ny endrika hafa noho ny fandikan'izy ireo ny faminaniana izay nataon'olona. Ny olona dia nandika an'izay haha-izy azy. Izany tokoa. Ireo Presbyterana dia mihevitra fa tokony ho izy ireo izany. Diniho rehefa manao zavatra Andriamanitra, diniho ny rafi-pandaminana hafa rehetra izay nipoitra niaraka tamin'ny anankiray. Hia, tahaka an'izany foana. Nanana Jambra sy Jana iray izy ireo na taiza na taiza. Mariho, nilaza ampahan'ny Teny izy ireo. Saingy, araka ny Tenin'ny mpaminany, dia ny Litera rehetra!

105 Diso an'izany indray izy ireo, tahaka ny mahazatra, niantso Azy ho mpanao hatsarana iray, "ny devoly; Belzeboba," ary nilaza fa nanao ny Tenany ho Andriamanitra Izy, nefa tokony ho fantatr'izy ireo, tamin'ny alàlan'ireo tena Baiboliny mihitsy, fa Izy no Andriamanitra.

Mariho, naminany tamin'ny alàlan'i Isaia Izy, Isaia 9:6, nanao hoe, "Ny Anarany dia hantsoina hoe Ilay Andriamanitra Mahery, Ilay Ray Mandrakizay." Tsy hisy ray intsony aorian'io, satria Izy no Ray voalohany tany am-piandohana, Izy no Ray tokana; nanao hoe, "Aza miantso olona iray avy eto amin'ity tany ity ianareo hoe, 'Ray,' na koa, aorian'io." "Izy no ilay—Ilay Andriamanitra Mahery, sy Ilay Ray Mandrakizay, Ilay Mpanolotsaina, Ilay Andrian'ny Fiadanana." Izany tokoa.

106 Ankehitriny, izy ireo dia nanao Taminy an'izay nosoratan'ny mpaminany rehetra fa hataony, mitovy mihitsy amin'izay ataon'izy ireo ao amin'ity tena Taona Laodikiana ity, mametraka Azy any ivelan'ny fiangonana. "Jamba, mitanjaka, nefa tsy mahafantatra an'izany." Tena izay nolazain'ny mpaminany mihitsy, ny mpaminanin'ny Baiboly. Nohajambain'ireo fombafomban'olona, namoaka Azy izy ireo, ny Teny tany ivelan'ireo fiangonany, tahaka ny mahazatra, araka ny naminaniana ny amin'izy ireo.

107 Mariho ankehitriny, haingana ankehitriny. Aza diso an'ity ankehitriny. Inty ilay lahateny, ahoana no nampahafantaran'i Jesosy ny Tenany tamin'ireto mpianatra roa ireto hoe Izy no Mesiany! Ankehitriny, ny maso rehetra aty daholo. Ary ny any ivelan'ny firenena, aza diso an'izao ankehitriny. Niezaka niteny taminareo izahay fa ny Baiboly dia ny Tenin'Andriamanitra, nosoratan'Andriamanitra Izy tenany, tamin'ny alàlan'ireo molotra sy fitaovan'ny olona. Afaka manoratra Andriamanitra, Izy tenany. Afaka miteny Andriamanitra, Izy tenany. Afaka manao an'izay Tiany hatao Andriamanitra, saingy mifidy olona hanao azy Izy satria ilay olona izay nanoratra Azy dia ampahan'Andriamanitra. Noho izany, Andriamanitra no nanoratra ny Baiboly. Ireo olona dia tsy nahafantatra akory aza izay nosoratany, tao amin'ny fisainan'olombelony manokana. Mety tsy nanaiky an'Izany izy ireo, saingy nosoratan'izy ireo Izany. Tsy afaka izy ireo. Hoy ny Baiboly hoe, "Ireo lehilahy fahiny, rehefa nohetsehan'ny Fanahy Masina izy ireo!" Andriamanitra no nanetsika ny tànan'izy ireo, nanetsika ny mason'izy ireo tao anatin'ny fahitana. Tsy afaka nilaza afa-tsy izay nojereny izy ireo. Tsy afaka niteny na inona na inona izy ireo, satria Izy no nanana ny fifehezana feno ny lela, ny rantsan-tànana, ny taovan'ny vatana rehetra dia tao amin'ny fanapahana feno niaraka tamin'Andriamanitra. Tsy mahagaga raha nilaza ny Baiboly fa andriamanitra izy ireo, ampahan'Andriamanitra izy ireo! Izy no fahafenoan'Andriamanitra.

108 Mariho hoe ahoana fa Jesosy, ilay Teny, dia nampahafantatra tamin'ireto mpianatra roa torotoro fo ireto fa Izy no Mesian'izy ireo, ilay Mesia, ilay Teny nampanantenaina. Mariho izay Nataony, nisintona faminaniana Izy. Mariho, "Ry adala, votsa mba hino an'izay rehetra nosoratan'ireo mpaminany." Ankehitriny, Izy tsy nilaza mihitsy hoe, "Eny, inona, inona no lazain'ny fiangonana mikasika an'izany?"

109 Nolazain'izy ireo Taminy ilay tantara. Fantatr'izy ireo ny zava-mitranga rehetra izay nitranga. Nalahelo izy rehetra. Nanomboka niteny Taminy izy ireo hoe, "Vahiny iray eto fotsiny ve Ianao, sa tsy Fantatrao izay mitranga ao Jerosalema?"

110 Hoy Izy hoe, "Zavatra inona?" toy ny hoe tsy nahafantatra Izy. Hitanareo, manao zavatra Izy indraindray mba hahitana fotsiny an'izay hataonareo mikasika an'izany. Hitanareo? Hoy Izy, "Zavatra inona? Iza izany? Inona no mitranga?"

111 "Vahiny iray fotsiny ve Ianao?" Dia niresaka mihitsy tamin'ilay Lehilahy izay niarahan'izy ireo niaina nandritry ny telo taona sy tapany, nefa tsy nahafantatra Azy.

"Zavatra inona? Inona no nitranga?"

112 "Eny," hoy izy ireo, "Jesosy avy any Nazareta, izay Mpaminany iray. Tsy misy fisalasalana ao an-tsainay. Nahery tamin'ny Teny sy ny asa teo anatrehan'ny olona rehetra Izy. Izahay dia nahita Azy nanao an'ireo zavatra izay nanondro Azy ho Mpaminanin'Andriamanitra ho an'izao taona izao. Fantatray izany. Ary mino izahay fa Izy no ho ilay Mpanavotra, fa Izy no hanavotra ny Isiraely."

113 Avy eo dia nitodika Izy ka nanao hoe, "Adala ianareo, votsa fo mba hino fa izay rehetra nolazain'ireo mpaminany mikasika Azy dia tsy hiseho?" Hitanareo? Diniho Izy ankehitriny miverina amin'ny faminaniana. Anatra iray toy ny inona ho an'ireo mpino, izay nilaza fa nino Azy izy ireo!

114 Mariho hoe toy ny ahoana no Nanatonany an'ilay lohahevitra. Tsy tonga teo avy hatrany Izy ka nanao hoe, "Izaho no Mesianareo." Afaka nanao an'izany Izy, satria izany Izy. Saingy mariho fa nanondro ny Tenany tao amin'ny Teny Izy, amin'izay fotoana izay dia hahafantatra izy ireo. Raha nilaza an'izany Izy, afaka nilaza an'izany Izy nefa tsy ho toy izany ilay izy; saingy rehefa nandeha Izy ka nanomboka niresaka ny amin'izay nolazain'ireo mpaminany rehetra mikasika Azy, ka hitan'izy ireo izany, tamin'izay fotoana izay izy ireo vao afaka nifampiresaka, raha zanak'Andriamanitra izy ireo. Fa notarihany ny fifantohan'izy ireo ho amin'izay efa nolazain'ireo mpaminany mialoha ka nilaza mba hiandry ny fotoana hahatonga an'ilay Mesia, ny Taonany, ho tonga voaseho. Izy, tahaka an'i Jaona, dia namela ny Teny, ny Baiboly, hanondro ny Hafany. Ny mpaminany marina iray dia hanao an'izany. Hia. Tsy nivoaka ka nanao hoe, "Izaho no Izy. Izaho no. . . " Tsy mpaminanin'Andriamanitra marina iray izany. Hitanareo? Fa hoy Izy hoe, "Miverena ao amin'ny Soratra." Hitanareo, tsy diso mihitsy amin'ny Fombany fanaovany azy Izy. Hitanareo?

Hoy izy hoe, "Mahafantatra an'i Mosesy izahay."

115 Hoy Izy hoe, "Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra Ahy." Hoy Izy hoe, "Nanoratra ny Amiko i Mosesy." Hoy Izy, "Zahao ny Soratra, ao Aminy no heverinareo fa hahazoanareo ny Fiainana Mandrakizay, ary ny Soratra no manambara Ahy. Mandehana dia tadiavo ao amin'ny Soratra ka jereo izany."

116 Eto Izy dia tsy manova mihitsy ny Fombany fanaovany an'ilay izy, tsy nanova mihitsy. Tsy afaka manova mihitsy Izy, satria Izy no Andriamanitra tsy miova. Hitanareo? Mariho fa niverina avy hatrany teo amin'ireto mpianatra roa ireto Izy, Kleopasy sy ny sakaizany, teo amin'ny làlana mankany Emaosy, ary nilaza, nisintona ny Soratra ho azy ireo, nanao hoe, "Nahoana ianareo no adala ka tsy mino fa ny Teny rehetra izay nosoratan'ireo mpaminany mikasika ny Mesia dia tsy maintsy ho tanteraka?" Oh, andro iray toy ny inona!

117 Nanao toy izany koa i Jaona. “Zahao ny Soratra, mitodiha, izay nilaza fa hisy ‘ny feon’ny anankiray izay miantso mafy any an-efitra.’ Avy taiza aho?” Hitanareo? Izany dia, tokony hanao an’ilay izy ho miharihary tamin’izy ireo izany. Marina!

118 Tokony hanao an’ilay izy ho miharihary amin’izao andro izao, ilay zavatra izay ahitantsika ny Fanahy Masina manao. Nilaza Izy indray mandeha hoe, “Zahao ny Soratra.” Ary isika . . . Tiany hanao an’izany isika amin’izao andro izao.

119 Mariho, nanomboka tamin’ny faminanian’i Mosesy Izy, hoy ny Baiboly hoe, “Izy, nanomboka tamin’i Mosesy sy ireo mpaminany rehetra,” fa nanomboka tamin’i Mosesy Izy. “Mpaminany iray,” hoy i Mosesy, “no hatsangan’ny Tompo Andriamanitrareo eo anivonareo olona, eo anivon’ny olona. Ny Tompo Andriamanitra no hanangana Mpaminany iray.”

120 Ankehitriny mety niteny Izy hoe, “Kleopasy, sy ny sakaizanao eto, tsy nilaza ve i Mosesy fa amin’izao andro izao dia hanangana Mpaminany iray ny Tompo Andriamanitra? Ary io Lehilahy izay nohomboan’izy ireo io, tsy nahatanteraka an’izany fepetra izany ve Izy? Ankehitriny, i Mosesy no naminany an’io. Ary ankehitriny efa tsy nanana mpaminany iray ianareo nandritry ny an-jatony sy an-jatony taona, ary indro fa nitsangana io Lehilahy io. Ary iza ilay mpialoha làlan’io Lehilahy io, izay nolazainareo?” Azonareo ve ilay izy? Ary ireo mpaminany rehetra dia nilaza ny Aminy, ho an’ny Taonany, niresaka tamin’izy ireo Izy. Azo antoka fa ho nahaliana ny nihaino Azy. Tsy ho tianareo ve ny nandre Azy? Ho tiako ny nandre Azy, ny handre Azy, izay Nolazainy fa nolazain’ireo mpaminany mikasika ny Tenany, saingy tsy Nolazainy mihitsy hoe Izy izany. Nasehony tamin’izy ireo tamin’ny alàlan’ny faminaniana fotsiny. Hoy fotsiny Izy hoe, “Ny mpaminany no nilaza fa izao no hitranga.” Hitanareo?

121 Ndao fotsiny isika hiverina any aoriana mandritry ny minitra vitsy, ary ankehitriny ndao isika hihaino an’ireo Teny izay voatonon’ny Tenany. Diniho eto, ny Teny Izy tenany no manonona ny Tenin’ny Tenany. Ny Teny Izy tenany no manonona ny Tenin’ny Tenany. Tsy hoe niteny tamin’izy ireo fa Izy izany, fa namela fotsiny ny Teny hiteny ny amin’ny Tenany, tamin’izay fotoana izay vao fantatr’izy ireo hoe Iza Izy. Ny literan’ny Teny, manonona ny Teny ao amin’ny . . . Ny Teny ao amin’ny nofo, manonona ny Tenin’ny litera, lasa voatondro feno niaraka tamin’ny Tenany. Jereo eto, ankehitriny ndao isika hihaino Azy manonona. Ahoana . . . Ankehitriny, fantatsika fa izy rehetra dia nampahafantarina ny ambangovangon’ireo trangan-javatra farany, izany hoe, ny amin’ny fanohomboana sy ny tantaran’ny fitsanganana, ilay fasana, arak’izay vao avy novakiantsika. Ankehitriny dia mandeha avy hatrany ao amin’ny Tenin’ny faminaniana

mikasika ny Tenany Izy. Ankehitriny ndao fotsiny isika hihevitra fa nilaza an'izany Izy; nilaza betsaka mihoatra an'izany Izy, saingy diniho.

122 Ndao isika hilaza Azy. . . hihaino Azy manao hoe, "Avadiho ao amin'ny Zakaria 11:12. Fa tsy tokony ho namidy ve ny Mesia, arak'ilay mpaminany, tamin'ny volafotsy madinika telopolo? Vao avy nilaza ianareo fa namidy tamin'ny volafotsy madinika telopolo io Lehilahy io. Avadiho. . . " Voarainareo ve ireo Soratra ireo? Zakaria 11:12. Ary avy eo dia hoy Izy hoe, "Efa voamarikareo ve izay nolazain'i Davida ao amin'ireo Salamo, Salamo 41:9? Navadik'ireo Sakaizany Izy. Ary avy eo indray koa, ao amin'ny Zakaria 13:7, nilaozan'ireo Mpianany Izy. Ary ao amin'ny Salamo 35:11, nampangain'ireo vavolombelona sandoka. Vao avy novakianareo fa izany Izy. Isaia 53:7, moana Izy teo anatrehan'ireo mpiampanga Azy. Isaia 50:6, novelesin'izy ireo Izy, hoy ilay mpaminany. Salamo 22, tsy maintsy niantsoantso Izy teo amin'ny hazo fijaliana hoe, 'Andriamanitro, Andriamanitro, nahoana Ianao no nahafoy Ahy?' Nanao an'izany ve Izy, afak'omaly tolakandro? Salamo 22 indray, 18, ireo Fitafiany dia nozaraina teo anivon'izy ireo. Nanao an'izany ve izy ireo? Ary Salamo 22:7 hatramin'ny 8, nolatsain'ireo Fahavalony, ny fiangonana. Salamo 22 indray, tsy hisy taolana iray amin'ny Vatany ho tapaka, fa 'nolefonin'izy ireo ny Tànako sy ny Tongotro,'" hoy Izy. Nihazona ny Tànany tao Aoriany, tsy isalasalana, tamin'io fotoana io. "Isaia 53:12 no nilaza fa ho faty eo anelanelan'ireo mpanao ratsy Izy. Isaia 53:9 no nilaza fa nalevina teo amin'ny mpanan-karena Izy. Salamo 16:10 no nanao hoe, 'Tsy hamoy ny Fanahiny ao amin'ny helo Aho, sady tsy hamela Ny Iray Masiko hahita ny lò Aho.' Ary tsy i Malakia 3 ve no mpialoha làlana an'io Lehilahy io?" Oh, ho tiako ny nandre Azy nanonona an'izany. Jereo ireo faminaniana! Mariho, avy eo ireo tandindona rehetra izay mety ho Nandalovany, mikasika an'i Isaka, ao amin'ny Genesisy 22, toy ny ahoana no nanaovan'Andriamanitra aloka mialoha an'i Isaka, toy ny ahoana no nakan'i Abrahama ray ny zanany manokana, nitondra an'ilay hazo niakatra ny havoana, ary nanolotra ny zanany manokana.

123 Nanomboka nilentika tao anatin'izy ireo izany ankehitriny. Efa Nolazainy tamin'izy ireo fa adala izy ireo noho ny tsy fijerena an'ilay faminaniana ho an'io andro io. Ary ankehitriny dia nanomboka nilentika izany, nanomboka nahita ny fahatanterahan'izany rehetra izany izay niseho tamin'ireo andro vitsy farany, tao amin'ireo taona roa na telo farany, ny faminaniana voamarina an'ilay taona. Tamin'izay fotoana izay vao fantatr'izy ireo fa ilay Sakaizany voahombo, Jesosy, no nahatanteraka ny Teny rehetra ny amin'io. Oh, tamin'izay fotoana izay vao fantatr'izy ireo fa io Lehilahy marina io tokoa no ilay Mesia, ka—ka tsy maintsy hitsangana amin'ny

maty Izy. "Tsy afaka nahatazona Azy ny fasana. 'Tsy hamela Ny Iray Masiko hahita ny lò Aho.' Tsy misy na dia Tenin'ny faminaniana anankiray mihitsy aza mety ho diso. Ary nitsangana Izy."

124 "Noho izany dia marina ny an'ireo iraka teny amin'ny fasana aninkeo maraina. Nitsangana tamin'ny maty Izy. Velona Izy. Izy io Mesia io." Nahoana? Aza diso an'izany. "Ny Fihetsiny, ny Asam-panompoany sy ny sisa izay Nataony dia nohamarinin'ireo Teny izay nolazain'ny mpaminany fa hiseho ho an'ity andro ity marina tokoa. Izany no nahavita an'ilay izy." Tamin'izay fotoana izay dia fantatr'izy ireo fa Izy izany, ilay Sakaizany voahombo, Jesosy, izay nahavita an'ilay izy. Tsy mahagaga raha nangorakoraka tao anatiny ny fon'izy ireo raha niresaka tamin'izy ireo Izy. Ankehitriny nandeha enina maily izy ireo, ary toy ny hoe fotoana fohy ilay izy.

125 Ary inty ny zavatra hafa iray izay nataon'izy ireo, fantatrareo, nandre toriteny adiny enina ny amin'ny faminaniana voamarina izy ireo. Izany no Noresahany tamin'izy ireo nanerana ny làlana. Vantany vao nanomboka nandeha tamin'ny làlana fotsiny izy ireo, dia niseho Izy, satria tao Jerosalema tao mihitsy Izy. Enina ora tara-a . . . taty aoriana, enimpolo stadio, nandeha làlana enina maily mihitsy izy ireo ho any Emaosy. Izany ilay izy. Ary nitory teny Izy, nanamarina faminaniana nandritry ny adiny enina. Aza manameloka eo amin'ny ahy adiny telo, arak'izany, hitanareo. Hitanareo? Fa mariho, nitory teny izy ireo . . . Izy . . . Nandre toriteny iray adiny enina ny amin'ny faminaniana voamarina izy ireo, nohamarinina.

126 Ankehitriny efa nandroso ho hariva ny andro. Fantatrareo, Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Tamin'izay fotoana izay no Nanokafany ny mason'izy ireo mba hahafantatra fa Hebreo 13:8, Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Tamin'ny fotoana hariva, ireo zava-mitranga dia lasa mazava nohon'ny faminaniana. Izay miseho amin'ilay ora moderina dia mety ho voatondro mora foana raha hino fotsiny ny faminanian'ilay ora ianareo.

127 "Eny, ry adala, votsa amin'ny fahazoana, votsa mba hino (mitohy mandanjalanja eo amin'izany ianareo), mba hino fa ireo mpaminany rehetra dia nilaza mikasika ny Mesia, tsy tokony hitranga ve izany?" Ankehitriny Namarininy indray ireo sehon-javatra rehetra ireo ka naneho fa izay nolazain'ny mpaminany dia hitranga. Tamin'izay fotoana izay izy ireo vao nanomboka nahazo. Noho izany dia nilaza Izy . . . nanao toy ny hoe hanohy handeha Izy. Tian'izy ireo ity Lehilahy ity. Hoy izy ireo hoe, "Ianao, nanome anay zavatra iray Ianao. Tsy nieritreritra an'izany mihitsy izahay. Velona any ho any Izy." Niresaka Taminy izy ireo, tsy nahafantatra an'izany. Noho izany Izy . . . ary tsy isalasalana fa nijery azy ireo tamin'alahelo

Izy, ary nanomboka nanohy nandeha Izy, saingy Izy—Izy dia niandry azy ireo hanasa Azy. Izany no Andrasany izao hariva izao, ny hanasanareo Azy.

128 Mariho, rehefa nanasa Azy ho ao amin'ny fiombonany nanodidina ny latabatra ireo mpianatra ireo, dia tamin'izany no Nanaovany zavatra tahaka ny Nataony mihitsy talohan'ny fanohomboana Azy, ary dia lasa nisokatra ny mason'izy ireo. Fantatr'izy ireo ny Fanaony, ny Bikany. Fantatr'izy ireo izay Nataony, ary Nataony teo mihitsy izany tahaka ny Nataony taloha. Dia hoy izy ireo hoe, "Izy io!" Ary nitsangana haingana izy ireo mba hikiakiaka mafy an'izany, fa nanjavona Izy. Ary rehefa nila adiny enina izy ireo nihainoana an'io toriteny io, dia roapolo minitra angamba no niverenan'izy ireo nitsaitsaika mba hiteny tamin'ny sisa tamin'izy ireo hoe, "Nitsangana tokoa Izy. Tena velona tokoa Izy."

129 Ry sakaiza, izao no fahatanterahan'ny Malakia 4, Masindahy Lioka 17, Masindahy Jaona 15, oh, maro be, Apokalypsy 10, faminaniana maro be izay azo ampifandraisina marina tokoa amin'izao andro izao. Ary ao amin'ny Bokin'ny Marka koa sy ao amin'ny Matio, izay Nilazany fa hisehoan'ireo famantarana lehibe sy fahagagana eny amin'ny lanitra, ka ny olona dia miantso azy ireny hoe zava-boribory, zava-boribory manidina, afaka—afaka manjavona amin'ny hery sy hafainganan'ny eritreritra, ny fahalalana izay afaka miditra ao. Afaka manoratra Izy, afaka miteny Izy, afaka manao izay Tiany hatao Izy. Ilay Andry Afo lehibe, "ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ary ireo zava-mahagaga izay tonga eto an-tany, ireo pyramidan-tsetroka miseho eny amin'ny habakabaka, eny ambony lavitra eny izay tsy afaka hisy hamandoana na inona na inona, telopolo maily ny hahavony. Nolazaina mialoha herintaona sy tapany talohan'ny nitrangan'izany, fa ho toy izany ilay izy. Avy eo dia avadiho ilay sary dia jereo hoe Iza ilay mijery midina. Tsy nisy mihitsy Teny anankiray izay voalaza ka diso, ary inty ny Tenin'Andriamanitra voasoratra, manamarina fa izany no Fahamarinana. Ary andro hariva indray izao. Manontany aho raha hiverina Izy, noho ny fahasoavany, izao hariva izao ka hanao zavatra ankehitriny tahaka ny Nataony tany. Ndao isika hivavaka ka hangataka Aminy. Ireo zava-mitranga lasa mazava noho ny faminaniana voamarina.

130 Andriamanitra Tsitoha, ampio izahay. Ampio izahay, Andriamanitra malala, mba hahazo, mba hahazo an'ireo zavatra izay tokony ho fantatray, hahazo Ny Teninao. Ary ankehitriny, Tompo, efa nandre toriteny izahay ankehitriny nandritry ny roa arivo taona teo ho eo, ireo soratry ny boky. Ary ao amin'izao andro farany izao dia indro fa miverina midina indray izany, ary madiva ho hariva ny andro ankehitriny. Ireo Metodista, Batista, Presbyterana, ary maro

amin'izy ireo nandritry ny taona dia niresaka Taminao, ary angamba teo amin'ny làlan'ity andro lehibe ity izay sady tsy andro na alina, araka ny nolazain'ny mpaminany, fa amin'ny andro hariva dia hisy Mazava. Nitsangana avy tao am-pasana Jesosy ka niseho tamin'i Simona sy tamin'ireo vehivavy, ary naneho tamin'izy ireo fa velona Izy. Izany dia ny maraina. Ary avy eo ny hariva dia niverina indray Izy. Fa nandeha niaraka tamin'izy ireo Izy nandritry ny andro, nananatra azy ireo noho ny fahajambany, fa avy eo dia nampahafantatra ny Tenany tamin'izy ireo Izy ny andro hariva.

131 Andriamanitra, tongava ato amin'ny fiombonanay izay anananay manodidina ny Teny izao hariva izao. Andriamanitra, tena mampahatahotra ny mino an'ilay izy amin'izao andro izao eo anivon'ny olona, saingy mankasitraka aho fa misy sasany izay Nantsoinao ary nalahatrao izy ireo ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, ka hoy Ianao hoe, "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona." Ary ankehitriny raha mbola mamiratra ireo Hazavan'ny hariva, raha mbola Navelanao, Tompo, mba tsy hisy faminaniana iray (avy tamin'ireo an-jatony izay nomena) izay mba diso na dia indray mandeha aza. Noho izany raha manondro marina tokoa izany, dia tsy maintsy ho Ianao izany, satria tsy misy olona afaka ny ho tsy misy tsiny tahaka izany. Tahaka ny Baiboly mihitsy, tsy nisy olona afaka nanoratra, tsy nisy anankiray teo anelanelan'ny eninjato sy arivo taona, tamin'ireo mpanoratra efapolo samihafa, afaka nanoratra, ka tsy nisy fahadisoana iray tao anatin'Izany.

Andriamanitra malala, mivavaka aho mba Hanehoanao ny Tenanao izao hariva izao, araka ny Hebreo 13:8, fa Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary ireo asa izay Nataonao tamin'izany, no Ataonao androany. Ary Ianao no nampanantena an'izany, hoy Ianao hoe, "Amin'izao andro farany izao, rehefa mipetraka tahaka an'i Sodoma sy Gomora izao tontolo izao, fahasimbana." Mijery an'ireto zazalahy mitovy tanteraka tahaka ny zazavavy izahay, manao akanjo tahaka azy ireo, ary—ary mahita an'ireo zazavavy miezaka manao tahaka ny zazalahy, sy mahita an'ireo vehivavy sy lehilahy ao amin'ity taona simba ity, mahita ny sex-appeal izay lasa ho—ho sampy ivavahana. Voatosika eny amin'ny ilany iray ny Filazantsara, ary fitanjahana no ao amin'ilay fiangonana Laodikia. O Andriamanitra, ora iray toy ny inona! Avia, Tompo Jesosy, ampahafantaro aminay ny Tenanao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay.

132 Ankehitriny raha mbola manana ny lohanareo miondrika ianareo, ny masonareo mikimpy, dia hanontany zavatra iray aminareo aho. Mino ve ianareo fa eto Andriamanitra? Mino ve ianareo fa ireo zavatra izay Ataony androany dia faminaniana tanteraka? Mino ve ianareo fa Jesosy Kristy no tsy miova

omaly, anio, ary mandrakizay? Mino ve ianareo fa rehefa teto Izy ary voaseho tao amin'ny nofo ho an'izany andro izany, dia ireo asa izay Nataony tany, no tsy maintsy hiverina indray ao amin'izao andro izao? Ny mpaminany no niteny an'izany. Ny Baiboly no niteny an'izany. Tsy maintsy tanteraka ny Soratra rehetra, tsy mety diso izany. Ahoana no Nanondroany ny Tenany? Tamin'ny naha-io Mpaminany izay noresahan'i Mosesy io. Nahafantatra ny tsiambaratelon'ny fon'ny olona. Nikasika ny Lambany ilay vehivavy, nitodika Izy ka nanao hoe, "Ny finoanao no nahavonjy anao." Rehefa nanatona Azy i Simona Petera, dia Fantany ny anarany, nolazainy taminy hoe iza izy, iza no rainy. Ary io Jesosy maha-te-ho tia io ihany dia tsy maty, velona mandrakizay Izy. Ho an'Andriamanitra ny dera! Ary mino aho, ao amin'ity andro hariva ity ankehitriny, fa Izy no niantso antsika miaraka indray.

133 O Tompo Jesosy, tongava eto anivonay. Aza mandalo anay. Avia, mijanòna miaraka aminay ny alina manontolo mandra-pahatapitr'ity alina ity, avy eo dia avelao izahay hiaraka Aminao rahampitso; mba hahafahanay hahafantatra Anao ao amin'ny herin'ny Fitsangananao, ka ny Fitiavanao sy ny famindramponao anie no homba anay. O Andriamanitra Mandrakizay, ekeo ireo zavatra ireo. Fantatray fa Andriamanitra irery ihany no afaka manaiky an'ireo.

134 Ao amin'ny fanjombonan'ity ora ity, dia aoka izahay hilaza an'izao. Andriamanitra, Rainay, ny nofonay dia tabernakla iray mahantra ho Anao. Saingy, Tompo, aoka ny Fahasoavanao manamasina, Ny Fanahinao Masina, ho tonga ankehitriny. Diovy izahay amin'ny fisalasalana rehetra sy ny fahaketrahana rehetra, ny ahiahy rehetra ary ny faritry ny tsi-fahatokiana rehetra izay mety ao aminay, mba hahatonga anay ho afaka tsy misy fisalasalana anankiray; hivoaka, ka hiaiky am-pahasahiana tahaka an'i Petera hoe, "Ianao no Kristy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

135 Mino izahay fa Ny Teninao no Fahamarinana, Tompo. Aoka izahay hahita fotsiny, alohan'ny anombohanay an'ity laharam-bavaka ity, Tompo, ampahafantaro anay ny Tenanao. Araka ny Nolazainao hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota," rehefa i Abrahama, ilay vondrona nantsoina hivoaka izay niandry zanaka nampanantenaina iray, i Lota dia tany nihaino Billy Graham moderina iray sy Oral Roberts iray ho an'ilay fanorenana ara-anaram-piangonana tany, toy ny firenena iray. Fa i Abrahama kosa dia mpivahiny iray tsy nanana rafi-pandaminana mihitsy, io vondrona kely io fotsiny izay nirenireny nanerana an'ilay tany izay ho lovainy. "Fa ny malemy fanahy no handova ny tany." Indray andro, teo ambanin'ny aloky ny hazo, raha mbola nipetraka izy ireo, niala sasatra, dia nidina tamin'ny endrika Lehilahy iray Andriamanitra. Anjely roa no nandeha nankany Sodoma. Ary Andriamanitra, tao amin'ny

nofon'olombelona, no nanaporofo fa Izy izany, hoy Izy hoe, "Ry Abrahama, aiza ny vadinao, Saraha?" Andro vitsy talohan'io, dia Abrama izy; ary S-a-r-a-y, Saray; tsy Saraha, "mpanjakavavy." Ary Ianao no niantso azy tamin'ny anarana mpanjakavaviny, ny zanakavavin'ny mpanjaka. Nantsoinao tamin'ny anarany i Abrahama, Abrahama, rain'ny firenena. Ary hoy Ianao hoe, "Hamangy anao Aho."

136 Andriamanitra, toy ny ahoana no tsy maintsy nampitroatra ny fon'io mpaminany io! Fantany teo no ho eo hoe Iza Ianao. Tsy mahagaga raha nanasa ny Tongotrao izy, nitondra ny sakafo rehetra izay nananany, sy ny tena tsara indrindra, nametraka an'izany teo Anatrehanao. Fantany fa Andriamanitra no teo. Tamin'izay fotoana izay dia hoy Izy hoe, "Aiza i Saraha?" toy ny hoe tsy Fantany. Ary Ianao . . .

137 Hoy i Abrahama Taminy hoe, "Ao anatin'ny tranolay izy . . . ao anatin'ny tranolay izy, ao Aorianao."

138 Ary Nolazainao izay hitranga. Ary izy, tao am-pony, dia nisalasala an'Izany. Ary tamin'izay fotoana izay Ianao—Ianao dia nilaza tamin'i Abrahama hoe, "Nahoana no nisalasala an'izany i Saraha, nilaza tao am-pony hoe, 'Tsy mety hisy izany zavatra izany'? Misy zavatra sarotra ve amin'Andriamanitra?"

139 O Andriamanitra! Jesosy, Andriamanitry ny Teny voaseho, hoy Ianao hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma," ho ao amin'izany toerana izany izao tontolo izao alohan'ny fandravana mihitsy an'izao tontolo izao Jentilisa, ny andron'ny Jentilisa. Eo izahay izao, Sodomita hatrany amin'ny tsoka! Ary avy eo dia nilaza Ianao fa ny Zanak'olona, izay voatondro foana ho "mpaminany," dia ho voambara amin'izany ora izany. Tanteraho Ny Teninao, O Andriamanitra. Izahay, Zanakao izay mino, dia miandry amin'ny fo tsotra, mba hanomezana anay ny finoana, Tompo, ka, rehefa manao an'ilay laharam-bavaka izahay, dia hino ny olona. Andro hariva izao, Ray. Aoka ireo Hazavan'ny hariva an'ilay Zanak'Andriamanitra (Izy izay Nisy, sy Izay Misy, ary Ho Avy) haneho ny Tenany amin'ny alàlan'ny faminaniana izay Nataony. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

140 Vonona aho ankehitriny ny—ny hivavaka ho an'ny marary. Fa zavatra iray hafahafa ilay izy, hoe ahoana fa mitsangana eto isika. Indro aho mitsangana eto ankehitriny manao fihaikana iray amin'ny be sy ny maro, sy ireo mihaino manerana ny firenena, fa Andriamanitra dia mbola Andriamanitra foana. Tsy mety diso Izy. Ary izay Ampanantenainy, dia Hataony izany. Tsy ho diso amin'ny fanaovana an'izany mihitsy Izy, satria Izy no nampanantena fa hanao an'izany. Noho izany dia afaka mametraka ny fahatokiako masina amin'izay Nolazainy aho. Noho izany dia

manantena Ny Fihaviany aho, manantena Azy hiseho amin'ny fotoana rehetra aho, satria hoy Izy hoe, "Amin'ny ora iray izay tsy eritreretinareo," tsy mieritreritra izao tontolo izao, "amin'izay fotoana izay no Hisehoany."

141 Ankehitriny, araka ny fantatro . . . Ato amin'ny tabernaklako aho, ary misy olona vitsy mipetraka eto izay izaho—izay fantatro. Rahalahy Wright, vitsy amin'ireo izay mipetraka eto, ny eto mihitsy, no fantatro. Fa misy maro aminareo no tsy fantatro. Ary tsy manana fomba iray aho hilazana fa hanao an'izany Andriamanitra izao hariva izao. Nahita Azy nanao an'izany isika nandritry ny taona sy taona lasa, saingy mety tsy hanao an'izany Izy izao hariva izao. Tsy fantatro. Miankina Aminy izany. Masi-mandidy Izy. Manao izay Iriany hatao Izy. Tsy misy anankiray afaka miteny Aminy an'izay hatao. Mitoetra irery Izy, ao amin'ny Sitrapony sy ny Làlany. Fa satria Izy no nampanantena an'izany, dia hangataka Aminy aho hanao an'ilay izy. Tsy nohon'ny amintsika, hoe isika no mila an'izany, fa angamba nohon'ny amin'ireo vahiny sasany, no mety nanosorana ny Fanahy Masina . . . ankehitriny manosotra eo amintsika. Ankehitriny, tsy mampaninona na impiry no Anosorany ahy, Izy dia tokony hanosotra anareo, ihany koa, tokoa, mba hino.

142 Ankehitriny te-hanana laharam-bavaka iray aho, ary te-hivavaka ho an'ny marary betsaka arak'izay vitako. Ankehitriny, isika dia afaka na hanao laharana iray, hiantso ny olona ka hitondra azy ireo hiakatra eto, laharam-bavaka iray ary hivavaka ho an'ny olona rehetra eto izay marary, heveriko, haka an'ireo rahalahiko mpitoriteny ho tonga eto miaraka aminay, ka hametra-tànana eo aminareo. Azo antoka fa azonay atao izany. Na afaka mangataka amin'ny Raintsika isika, Izay hany Tokana afaka manao ny zavatra rehetra ho anareo, satria ny tànako dia lehilahy iray fotsiny tahaka anareo lehilahy. Fa ny zavatra amin'ilay izy dia, tsy tànan'olombelona no manao azy; izany dia ny Tenin'Andriamanitra. Ny finoana an'ity Teny ity no manao an'ilay izy. Tsy misy zavatra siantifika mikasika an'izany, tsy siantifika izany rehetra izany.

143 Tsy misy zavatra anankiray izay ananan'ny Kristiana eo amin'ny fiadiany ka siantifika. Efa fantatrareo ve izany? Fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fanaovan-tsoa, fahalemem-panahy, fahamoram-panahy, faharetana, finoana, Fanahy Masina, ny zavatra rehetra dia tsy hita maso amin'ny alàlan'ny siansa. Ary izany ihany no zavatra tokana izay tena misy sy maharitra. Ny zavatra rehetra izay jerenareo dia avy eto an-tany ary miverina amin'ny tany. Fa ireo zavatra izay tsy azonareo jerena amin'ny masonareo, fa hitanareo manambara ny Tenany Izany, dia izany no tontolon'ny Mandrakizay.

144 Hino ve ianareo, raha haneho ny Tenany Andriamanitra ka haneho fa velona Izy eto, manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony tany amin'ny fiandohana, taorian'izao Hafatra izao,

hanaiky an'izany ho fahasitrananareo ve ianareo? Enga anie Andriamanitra hanaiky an'izany. Ankehitriny dia hangataka ny olona rehetra ato amin'ny trano aho, tsy mampaninona na iza ianareo na avy aiza ianareo, hangataka aminareo fotsiny aho mba hino am-panajana an'izao Hafatra izao ho ny Fahamarinana. Izao no Hafatra izay ananan'Andriamanitra ao amin'Ny Baiboliny ho an'ity ora ity, hoe eto Jesosy Kristy izao hariva izao ary velona. Ankehitriny saiky . . .

145 Ianareo olona rehetra dia mahafantatra ny amiko, eto amin'ny tanàna izay nahalehibeazako mihitsy aho. Tsy manana fahaizana grameran-tsekoly iray akory aza aho. Tena marina tokoa izany. Ary efa tena ela no nahafantaranareo ahy, antenaiko fa niaina teo anatrehanareo mba haneho fa marina sy tso-po aho. Tsy mpihatsaravelatsihy iray aho. Na dia ireo mpitsikera ahy aza tsy miteny an'izany. Izy ireo, izy ireo dia milaza fotsiny hoe, "Ianao dia—ianao dia tsy mpihatsaravelatsihy iray, fa diso fotsiny izao ianao. Diso fotsiny noho ny tsy fahalalana ianao, tsy fanahy iniana." Tsy mihevitra aho fa diso nohon'ny tsy fahalalana, satria ny Tenin'Andriamanitra no manambara ny Hafatro, ary Izany no hiteny aminareo hoe Iza Izany. Ary mandre ahy mazava ianareo milaza fa tsy izaho Izany, noho izany dia tsy maintsy ho Izy Izany. Marina ve izany? Manàna àry finoana an'Andriamanitra. Mijere aty, ary minoa an'Andriamanitra. Raha afaka hino an'Andriamanitra ianareo, dia hanaiky ho anareo Andriamanitra. Raha afaka manao an'izany Izy tahaka ny Nataony taloha, amin'izay fotoana izay dia mbola Andriamanitra foana Izy. Mino an'izany ve ianareo?

146 Mino an'izany ve ianareo? Ramatoa iray mipetraka eto anoloako eto, mijery ahy, ranomaso no eo amin'ny masony, am-pahatsorana. Tsy fantatro hoe iza izy, tsy mbola nahita azy mihitsy aho. Vahiny aminao aho. Mihevitra ve ianao fa mahafantatra ny tsiambaratelon'ny fonao Andriamanitra, ireo fanirianao, na ny otanao, na inona na inona ilay izy? Mihevitra ve ianao fa Fantany? Mihevitra ve ianao fa afaka manambara amiko Izy hoe inona ny otanao, izay nataonao, izay tsy tokony nataonao, na ny fanirianao, na inona na inona ilay izy? Raha hanao an'izany Izy, dia hanao anao hino Azy ve izany, hahafantatra fa tsy maintsy Izy izany? Hanaiky an'izany ho Izy ve ianao? Tsy ny otanao no manelingelina anao; efa niaiky an'izany ianao. Fa mila ny batisan'Ny Fanahiny Masina ianao. Ho azonao Izany. Hitako fa midina manodidina azy Izany.

147 Mba hahafantaranareo fa nijery an'ilay vehivavy aho, nijery ahy izy, te-haneho anareo ny Fanahy Masina aho. Jereo aty, eo ambonin'io ramatoa kely mipetraka eto mihitsy, eto ambanin'ny tongotro eto. Rehefa nilaza an'izany aho, izany ilay zavatra iray ihany izay ilainy, dia ny batisan'ny Fanahy Masina. Mino ve ianao fa ho azonao

Izany, ranabavy? Atsangano ny tànanao, raha izany. Tsy mbola nahita an'ilay vehivavy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, araka ny fantatro.

148 Jereo io lehilahy mipetraka eto io miaraka amin'ny lohany miondrika, mipetraka eo mihitsy, miaraka amin'ny vozon'akanjony tsy antonona azy, sy ny sisa. Mijaly amin'ny aretin'ny tatavia ianao. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Atsangano ny tànanao raha hanaiky an'Izany ianao. Eny àry, hanaiky ny fangatahanao anie Andriamanitra.

149 Io lehilahy tanora mipetraka eto io mihitsy, mila ny batisan'ny Fanahy Masina. Mino ve ianao fa homen'Andriamanitra anao Izany; tompoko, miaraka amin'ny tadin-karavato mihantona any aoriana? Hanaiky an'izany Andriamanitra.

150 Io lehilahy eto io dia mivavaka ho an'ny vadiny. Any amin'ny toeram-pitsaboana iray izy. Mino ve ianao fa hanasitrana azy Andriamanitra, hanao azy ho salama? Mino an'izany ve ianao? Afaka hahazo an'izany ianao.

151 Miaraka amin'ny tànanao eo amin'ny tendanao, mino ve ianao fa afaka manasitrana an'io aretim-po izay manelingelina anao io Andriamanitra, io aretim-bavony izay anananao io? Mipetraka eo ianao, mijaly izao ankehitriny izao. Marina ve izany? Mino ve ianao fa manasitrana anao Izy? Noho izany dia afaka mahazo an'izany ianao. Amena.

152 Hitanareo Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Anontanio ireo olona ireo, jereo raha mahafantatra azy ireo aho. Tsy mahafantatra aho, fa Izy no mahafantatra. Amena. Jereo ilay Hazavana ery amin'ny sisin'ny rindrina ery, mihantona eo ambonin'ny lehilahy iray mipetraka eo mihitsy. Mijaly amin'ny aretin'ny taolan-damosina izy ao amin'ny lamosiny. Tsy avy eto izy, avy any Georgia izy. Atoa. Duncan, minoa amin'ny fonao rehetra, hanasitrana an'io aretin-damosina io Andriamanitra. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Andriamanitra hitahy anao.

153 Indro misy lehilahy iray mipetraka ery amin'ny farany aoriana ery, miaraka amin'ny aretin-damosina, mijery ahy. Tsy mahafantatra azy aho, fa izany no Atoa. Thompson. Mino ve ianao? Mitsangàna ianao, tompoko, io aoriana io, mba . . . Vahiny aminao aho. Marina izany. Fa ianao dia mipetraka eo, mivavaka. Sitrana ny aretin-damosinao ankehitriny. Jesosy Kristy no manao anao ho salama.

154 "Hisy Mazava amin'ny andro hariva mihitsy." Tsy hitanareo ve, eto Izy izao hariva izao! Izy no ilay IZAHO NO IZY lehibe. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mino an'izany ve ianareo? Afa-po sy resy lahatra ve ianareo fa izany no Jesosy Kristy mampahafantatra ny Tenany, manondro ny Tenany ao amin'ny faminaniana?

155 Aza manahy ny amin'ilay maso. Manasitrana ny marary sy ny ory Andriamanitra.

156 Firy ny olona izay. . . Firy no ato, marary? Aoka ho hita ny tànanareo. Tena toy ny hoe fisintonana sy fitarihana mihitsy ilay izy. Misy olona manana karatra fangataham-bavaka ve aminareo? Tsy fantatro hoe ahoana no hitondrako anareo ho tonga eto. Te-hivavaka ho anareo aho, nefa tsy fantatro hoe ahoana no anaovana an'izany. Hitanareo hoe inona, jereo ny rindrina, ahoana no hampidirako azy ireo eo? Ahoana moa raha manana làlantsara iray hipoka ianareo? Manana an'ilay iray hafa mihitsoka mihitsy ianareo eo, mikatso ny olona rehetra.

157 Henoy, reneso aho. Efa mba niteny zavatra taminareo tamin'ny Anaran'ny Tompo ve aho ka tsy niseho? Marina ve izany? Ny zavatra rehetra dia marina foana. Tsy nangataka vola iraimbilanja taminareo mihitsy aho teo amin'ny fiainako, sa tsy izany? Na indray mandeha aza. Tsy naka rakitra iray mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Tsy ho an'ny vola no maha-eto ahy. Tsy hamitaka anareo no maha-eto ahy. Eto aho mba haneho ny Tenin'Andriamanitra an'ny ora. Niteny taminareo ny Fahamarinana aho, ary Andriamanitra no nanamarina fa izany no Fahamarinana. Ankehitriny dia miteny aminareo aho, HOY NY SORATRA HOE, fa raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary ilay mpino, hoy Jesosy hoe, "Ho sitrana izy ireo!" Mino an'izany ve ianareo? Noho izany, eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, tsy mino ve ianareo fa hanao an'izany Izy izao ankehitriny izao?

158 Ankehitriny apetraho eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo, ary hazòny eo fotsiny izany mandritry ny iray minitra. Ankehitriny, aza—aza mivavaka, fa apetraho fotsiny eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo; ny any amin'ny firenena any ivelany. Ary izaho, ny tenako, dia hametraka ny ahy manokana eo ambonin'ireto mosara ireto. Ankehitriny dia tiako ianareo hijery ahy iray minitra fotsiny. Inona no navelan'Andriamanitra tsy ho vita? Jereo hoe ahoana Izy, inona ilay Teny izay novakiantsika, ireo faminaniana izay notenenintsika, fa Jesosy dia nanondro ny Tenany tamin'ny alàlan'ireo faminaniana. Ankehitriny jereo ilay ora, sy ireo herinandro telo farany izay nametrahantsika an'ilay ora izay iainantsika. Jereo izay novakiantsika, ahoana ny amin'ireo mpaminany sandoka sy ireo famantarana izay saiky hamitaka ny voafidy. Toy ny ahoana no nahavoaseho ny Teny, toy ny ahoana no nanajamban'ilay andriamanitr'ity taona ity ny lainga. . . ny fon'ny olona. Ary ahoana fa Andriamanitra Izy tenany no nilaza tamin'ny alàlan'ireo Faminaniany fa hiseho ao amin'ity Taonan'i Laodikia ity ireo zavatra ireo. Tsy misy na inona na inona navela tsy ho vita. Eto Andriamanitra ilay Andriamanitra iray ihany mihitsy izay niresaka tamin'ireo olona ho any Emaosy ireo, izay nanondro ny Tenany tamin'ny

alàlan'ireo faminaniana izay nolazaina mialoha mikasika Azy, eto Izy izao hariva izao manondro Ny Fanatrehany amin'ny alàlan'ireo faminaniana nolazaina mialoha ho an'ity taona ity. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Afaka mino an'izany ve ianareo? Noho izany dia apetraho eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo. Aza mivavaka ho an'ny tenanareo, fa amin'ny fombanareo manokana dia mivavaha ho an'ilay olona izay ametrahanareo ny tànanareo, satria mivavaka ho anareo izy ireo. Ankehitriny jereo, aza misalasala.

159 Ary ankehitriny raha afaka mahita an'izay jereko ianareo! Ary fantatrareo fa tsy handainga aminareo aho, mitsangana eto. Raha afaka mahita ianareo, ka ny finoanareo afaka hisintona an'ilay Fanahy Masina lehibe izay mihevaheva eo amin'ny habakabaka—habakabaka, izay nalain'ny siansa sary, ka mahita Azy mihetsika manerana an'ity tranobe ity miezaka fotsiny hahita toerana iray mba—mba hipetrahana, miezaka mba hahita toeram-pamaharana iray. Minoa an'Izany fotsiny, ry rahalahiko. Nanondro an'izany tamin'ny alàlan'ny Soratra sy ny sisa Izy, fa marina izany. Ankehitriny dia mivavaha amin'ny fahatsoram-po ho an'ilay olona izay ametrahanareo ny tànanareo; mivavaka ho anareo izy ireo.

160 Jesosy malala avy any Nazareta, nahoana, tena mahafantatra izahay, Tompo, amin'ny alàlan'ny Teny, fa eto Ianao, amin'ny alàlan'ny teny fikasana fa eto Ianao hoe, "Na aiza na aiza iangonan'ny roa na telo amin'Ny Anarako, dia eo afovoan'izy ireo Aho. Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy, dia ho sitrana izy ireo." Any ivelany eo amin'ny onjam-peon'ity telefona ity, enga anie hiditra ao amin'ny fiangonana rehetra ilay Fanahy Masina lehibe. Enga anie ilay Hazavana Masina iray ihany izay jerenay eto amin'ny fiangonana eto mihitsy, enga anie Izany hilatsaka ao amin'ny isanisany sy ny tsirairay avy, ary enga anie izy ireo ho sitrana amin'izao ora izao. Mananatra an'ilay fahavalo izahay, ny devoly, eo amin'ny Fanatrehan'i Kristy; milaza amin'ilay fahavalo izahay, fa izy dia resin'ilay—ilay mpisolo niharitra, ny fahafatesan'ny Tompo Jesosy sy ny fandresen'ny fitsanganana tamin'ny andro fahatelo; ary ny Fanamarinany voaporofo fa eto anivonay eto Izy izao hariva izao, velona, taorian'ny sivinjato sy arivo taona. Aoka ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona hameno ny fo rehetra miaraka amin'ny finoana sy ny hery, ary ny herin'ny fanasitranana avy amin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy, Izay voatondro ankehitriny amin'ny alàlan'io Hazavana lehibe mihodinkodina amin'ny fiangonana io, ao amin'Ny Fanatrehany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ekeo izany ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

161 Enga anie ireto mosara izay ivavahanay ireto, enga anie izy ireo handeha ho any amin'ilay marary sy ilay ory izay natao ho tratrariny. Enga anie ilay Fanahy Masina iray ihany izay eto ankehitriny manondro ny Tenany, hanondro ny Tenany eo amin'ny marary rehetra izay ametrahana azy ireto. Enga anie ny Fanatrehan'Andriamanitra tena hameno ny fon'izy ireo miaraka amin'ny finoana hany ka ho sitrana ny aretin'ny vatan'izy ireo. Izany no angatahanay, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, eo amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy sy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raha mangataka an'izany izahay amin'ny maha-mpanompon'i Jesosy Kristy. Amena.

162 Ankehitriny avy ao amin'ny fonareo, tsy ahoako izay tsy mety aminareo, afaka ve ianareo, avy ao amin'ny fonareo, hino amin'ny fonareo rehetra fa nanaiky ho anareo ny fangatahanareo ny Tenin'Andriamanitra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino aho fa ny tànana rehetra, araka ny hitako, dia nitsangana. Raha mino an'izany ianareo, ankehitriny tsarovy, vita ilay izy.

163 Ianareo any ivelany any eo amin'ireo fifandraisana an-telefona, raha nino tamin'ny fonareo rehetra ianareo, raha nametra-tànana teo aminareo ireo mpitoriteny, ary ny malalanareo nametra-tànana teo aminareo, raha nino tamin'ny fonareo rehetra ianareo fa vita ilay izy, dia vita ilay izy. Ilay Fanahy Masina lehibe, eto amin'ny tabernakla Izy izao hariva izao. Nahita Azy nihetsika teo ambonin'ny olona aho, naneho ny Tenany teto amin'ny ilan'ny rindrina iray, ary nidina teo ambonin'ny lehilahy iray, nidina teto ary nanerana ny tranobe, nampahafantatra an'ireo tsiambaratelon'ny fo, ilay fanondroana Ny Fanatrehany, mba haneho fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Eo afovoantsika Izy! Izy no Andriamanitra, ilay Andriamanitra tsy diso mihitsy.

164 Ary tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, ary tsy mangorakoraka ve izany ankehitriny, mba hahafantarana fa ao amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy nitsangana isika, ho Azy anie ny voninahitra sy ny dera mandrakizay; Izay ao amin'ny sary mazavan'ilay Jehovah Tsitoha; Izay nihevaheva nidina tao amin'ny endrika Andry Afo iray tao anatin'ny roimemy mirehitra, mba hisintona ny fifantohan'ny mpaminany iray; Izay nidina teo ambonin'ny tendrombohitra, ka izay rehetra nikasika an'izany dia tsy maintsy maty, ankoatran'i Mosesy sy Josoa. Ahoana fa izany no Nitarihany an'ireo zanak'Isiraely nanerana ny an-efitra, tao amin'ny diany, ho tandindona iray an'ilay vahoaka nantsoina hivoaka amin'izao andro izao. Indro Izy, amin'ny alàlan'ny fikarohana siantifika, nanondro ny Tenany teo anoloan'ny siansa mihitsy aza. Ary amin'ny alàlan'ireo

tena Fihetsiny sy amin'ny alàlan'ny tena Faminaniany, ireo zavatra izay naminaniana ny Aminy fa hataony amin'izao andro farany izao, mba hanao Azy ho ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, dia voamarina tanteraka tokoa. Tsy ampy hanao ny fontsika hangorakoraka ao anatintsika ve izany? Andriamanitra hitahy anareo.

165 Ankehitriny amin'ny saina iray, ndao isika hitsangana ka hanao hoe: Manaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy sy Mpanasitrana aho ankehitriny. [Hoy ny fiangonana hoe, "Manaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy sy Mpanasitrana aho ankehitriny."—Mpand.] Ary nohon'ny Fahasoavany, ["Ary nohon'ny Fahasoavany,"] manomboka amin'ity ora ity, ["manomboka amin'ity ora ity,"] O Andriamanitra, ["O Andriamanitra,"] aoka ny tsy finoana ["aoka ny tsy finoana"] tsy hiditra ato am-poko intsony, ["tsy hiditra ato am-poko intsony,"] satria efa hitako ["satria efa hitako"] ny faminaniana ["ny faminaniana"] an'izao andro izao ["an'izao andro izao"] tanteraka. ["tanteraka."] Mino aho ["Mino aho"] fa Jesosy Kristy ["fa Jesosy Kristy"] dia velona ["dia velona"] ary eto ankehitriny ["ary eto ankehitriny"] manamarina Ny Teniny ["manamarina Ny Teniny"] an'izao ora izao. ["an'izao ora izao."] Ireo faminaniana ["Ireo faminaniana"] izay nosoratana ny Aminy ["izay nosoratana ny Aminy"] dia tanteraka teto afovoanay ankehitriny. ["dia tanteraka teto afovoanay ankehitriny."] Izy no Mpamonjiko, ["Izy no Mpamonjiko,"] Andriamanitro, ["Andriamanitro,"] Mpanjakako, ["Mpanjakako,"] ny Rehetra amin'ny rehetrako. ["ny Rehetra amin'ny rehetrako."]

166 Andriamanitra malala, henoy ny fanambaranay. Ary omeo anay, isan'andro isan'andro, ilay Mofon'Aina. Ary atolotray Anao ny dera, O Andriamanitra, avy ao amin'ny halalin'ny fonay. Midera Anao izahay, ilay Iray Mahery, ilay Andriamanitr'ireo mpaminany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Oh, fotoana iray toy ny inona, ora iray toy ny inona!

. . . minoa fotsiny;
Minoa fotsiny, mino fotsiny ihany,
Ny zava-drehetra azo atao, minoa fotsiny.

Afaka mihira azy tahaka an'izao isika.

Ankehitriny mino aho, oh, ankehitriny mino aho,
Ny zava-drehetra azo atao, ankehitriny mino aho;
Ankehitriny mino aho, oh, ankehitriny mino aho,
Ny zava-drehetra azo atao, ankehitriny mino aho.

Izany ve no fanambaranareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny raha manondrika ny lohantsika isika.

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra mandra-
pihaonantsika indray!

[Manomboka misamonomonona ny *Homba Anao Anie Andriamanitra* Rahalahy Branham, avy eo dia miresaka amin-dRahalahy Neville—Mpand.] Te-hilaza zavatra anankiray ve ianao? Vayle.

. . . eo an-tongotr'i Jesosy;
Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra mandra-
pihaonantsika indray!

167 Miaraka amin'ny lohantsika miondrika, dia mitsangana eto Rahalahy Vayle hampirava ao anatin'ny vavaka. Rahalahy Lee Vayle, izy dia mpanoratra iray ho an'ny tabernakla eto, an'ireo lahatsoratra sy boky, sy ny sisa. Rahalahy tena sarobidy, efa niaraka tamiko izy tao amin'ireo asam-pitoriana maro. Maniry aho ny hanana anjara iray hamela ny mpitoriteny rehetra, hampiakatra azy ireo eto ka hiresaka amin'izy ireo. Azonareo, azoko antoka. Ny mpitoriteny rehetra, faly izahay manana anareo eto. Ary ny mpivavaka, ireo olona avy any amin'ireo fiangonana samihafa, na inona koa, dia faly izahay manana anareo eto. Ary izany marina tokoa no fivavakay ho an'ny iray hafa hoe, "Homba anao anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray." Miaraka amin'ny lohantsika miondrika, sy ny tànantsika mitsangana, ndao isika hihira an'izany tena moramora indray ho an'Andriamanitra.

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy!
Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra mandra-
pihaonantsika indray!

Ireo Zava-mitranga Lasa Mazava
Nohon'Ny Faminaniana MAG65-0801E
(Events Made Clear By Prophesy)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 1 Aogositra, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org